NAMORONA 4

# 5 MIANAKA MATY NIHINANA ZAVA-MANIRY MISY POIZINA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7548 Taona faha-25 **Vidiny: 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Talata 18 aprily 2023


MARINA IZANY ! 10

## MAMPANENO LAKOLOSY !

BASKET - MONDIAL - U19 6



## MIZOTRA TSARA NY FANOMANAN-TENAN'NY ANKOAY ANY FRANTSA

SITENY RANDRIANASOLONIAIKO 11



## "TSY MIARAKA AMIN'NY FANJAKANA INTSONY NY DEPIOTE MANARAKA AZY"

EID- AL -FITR 11

## ANDRO TSY HIASANA NEFA HANDRAISANA KARAMA NY ZOMA 21 APRILY 2023

LICO KININIKE 2



## VOATENDRY HO MASOIVOHON'NY TELMA EO AMIN' NY MOZIKA

VAOMIERA MPANARA-MASO NY...FIAINANA POLITIKA 10

# "TOKONY AILIKA TSY HO KANDIDA IREO MPIFANI-NANA TSY MANANA MPITAM-BOLA"



GOVERNORAN'NY FARITRA AMORON'I MANIA 10



# VONONA HITONDRA FIHAVA-NANA SY FIRAISANKINA







Lico Kininike

# Voatendry ho Masoivohon'ny Telma eo amin'ny lafin'ny mozika





**Omaly izy no voatendry tamin'ny fomba ofisialy.**

Voatendry ho ambasadaoron'ny telma eo amin'ny sehatry ny mozika indray i Lico Kininike. Tanjon'ny fiaraha-miasa moa hoy ny Telma dia ny hanomezana fahafaham-po ny Malagasy tsirairay mba hiaina tanteraka ny fankafizany manokana an'ity mpanakanto ity. Rehefa misy ohatra ny fampisehoana hataon'ity mpanakanto ity dia ny Telma no anisany manohana azy ka tahaka izany ny lafin'ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta. Mpanakanto iray manana ny lazany sady manana ny toerany manokana eo amin'ny kolontsaina Malagasy rahateo koa moa raha i Lico Kininike ka izany ihany koa no antony hanohanan'ny Telma azy. Fa ankoatra izay dia anisan'ny mpanakanto be mpankafy koa izy satria raha ny isan'ny mpanaraka azy any anaty tambajotra an-tserasera fotsiny no jerena dia misy 6000 mahery eo. Vonona hizara ny kanto avy amin'ity mpanakanto ity ho an'ireo mpankafy azy rehetra ireo koa ny Telma. Mila ankasitrahana ny hery sy ny lanja ary ny talenta hanan'ity mpanakanto ity hoy hatrany ny Telma ka dia izany no anton'ny fiaraha-miasa ihany koa.

**Lico Kininike sy ny mozika**


Mpanakanto tanora manan-talenta avy any Toliara i Lico Kininike. Pascal Ginot Lico no tena anarany fa io kosa no anarany nisalorany amin'ny maha mpanakanto azy. Tsy zoviana amin'ny rehetra koa angamba fa zanak'i Rasoa Kininike izy. Araka izany dia fony fahakeliny izy dia efa nilomano tao anatin'izany tontolon'ny mozika izany. Mivoy ihany koa ny gadona tsapiky izy satria io no efa mahazatra azy hatramin'izay, azo lazaina mihitsy ary fa mikoriana anaty rany izany. Ho azy indray, tsapany tokoa izany fanohanan'ny Telma ny mpanakanto Malagasy izany, manome lanja ny mozika Malagasy ihany koa hoy izy ny Telma ka dia izay no mahafaly azy amin'izao fiaraha-miasa izao. Tena rehareha hoy izy ny manana orinasa Malagasy tahaka izao satria sady manome fahafaham-po ny mpankafy no mametraka ny toerana eo amin'ny maha izy azy ny mpanakanto mihitsy.

**Tanya.R**

Colombes Ran

# Handray anjara amin'ny fifaninanan-kira "X-Factor"

Tamin'ny faha-18 taonany no naniry ny handray anjara ary henoina amin'ny X –Factor i Colombes Mioratiana Randriamantsoa fantatry ny maro amin'ny anarana fohy hoe Colombes Ran amin'ny maha mpanakanto azy. Faniriany ihany ko ny hiresaka amin'i Simon Cowell izay namorona ny fandaharana ka tanteraka izany ny faran'ny herinandro teo izay nilazany ny faniriany handray anjara amin'ity X-Factor ity. Ny "X Factor" moa dia fifaninan-kira hitiliana sy hitrandrahana izay mpanakanto malaza vaovao. Mandeha amin'ny fahitalavitra maro maneran-tany izy ireo izay nisy hitovizany amin'ilay hetsiky Pop Idol (Nouvelle Star any Frantsa). FremantleMedia sy ny orinasa mpamokatra Simon Cowell, SYCOtv no mpamokatra ny seho. Mifototra indrindra amin'ny famantarana ny talenta amin'ny fihirana ny fandaharana, na dia anisan'ny zava-dehibe amin'ny seho aza ny bika aman'endrika, ny maha-izy azy, ny fisian'ny sehatra sy ny dihy. Ny tadiavin'ny mpitsara moa dia ny ahafahana mivarotra



**Tanteraka ny nofinofin'i Colombes Ran nihaona tamin'i Simone Cowell.**



ny sanganasa amin'ny mpihaino marobe maneran-tany izay tia ny "Mozika Pop".

Dingana efatra anefa no tsy maintsy handalovan'ny mpifaninana iray ka ny voalohany dia ny fihainoana tsotra fotsiny ny feo, ny faharoa dia ny fanatrehana ny fanazaran-tena, ny dingana faha-3 dia ny fitsidihana ny tananan'ireo mpitsara ary ny dingana faha-4 farany vao miakatra ambony sehatra. Ny mpitsara ny fifaninanana moa dia Robbie Williams, Louis Tomlinson, Ayda Field.

**Haneho ny maha izy azy**

Kanto zaraina ny mozika ! Izany no namporisika an'i Colombes Ran handray anjara amin'ny sehatra lehibe sy goavana tahaka itony "X-Factor" itony. Ny fifaninanan-kira Pazzapa 2004 no tena nahafantarana an'i Colombes Ran ary tafakatra tamin'ny manasa-dalana izy tamin'izay fotoana izay. Nisy fotoana somary nangingina fa niverina amin' ny heriny indray ny taona 2019. Ansian'ny nampiavaka azy ny feony somary malefaka kanefa manindrona ary ny hiran'i Beyonce, Shakira, Céline Dion ary Whitney Houston no tena ankafiziny. Manana ny hirany manokana ihany koa anefa i Colombes ary efa nisy ihany koa ny fampiaraham-peo nataony tamin' ny mpanakanto maro teo Madagasikara. Nifantoka tanteraka amin'ny fandehanana irery amin'ny sehatry ny mozika i Colombes Ran ary haneho ny maha matihanina sy ny kolontsain'ny fahatsarana izay tena tiany hozaraina na dia tsy ny ho tsara indrindra aza no zava-dehibe aminy, fa ny maha-izy azy.

**Nangonin'i Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ndeha hotiavina avokoa ny zavatra atao rehetra, fa ny zavatra izay vita tao anatin'ny fitiavana dia azo ekena ho raitra sy vokatra mahery vaika."

**Ny Vetso**

**(17. 08. 15)**

("Love many things and what is done in love is done well."

Vincent VAN Gogh

CGM - Poezia Fanasitranana

# Hatolotr'i Riambola Mitia, Koera Kosiky ary Mampandra Manitra

Ny Alahady 23 Avrily izao hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro dia hanolotra Poezia Fanasitranana etsy amin'ny CGM Analakely ry Riambola Mitia, Koera Kosiky ary Mampandriniaina Manitra. Hetsika. Fanony no lohahevitra entin'izy ireo manamarika ity fiantsana tononkalo ity. Fanony hanony ny manaintaina, Fanony hanasitrana fo mitaraina,

Fanony antoandro, hariva, maraina, Fanony ho fanafamitsanga-malaina. Mifanandrify indrindra amin'ny andro iraisam-pirenena ho an'ny boky sy ny zon'ny mpamorona izy io ka ho fanadraisana anjara amin'izany no tanjona. Ary ankilany dia tafiditra ao anatin'ny hetsika isam-bolana karakarain'ny CGM ho fanandratana ny teny sy ny kolontsaina Malagasy. Araka izany dia miara-mikaraka ity hetsika ity ny Faribolana Sandratra sy ny CGM. Mero Kosiky sady mpampianatra no skoto Tily eo anivon'ny FJKM (SAMPATI). Hoy indrindra izy any anaty tononkalony any "Ny loha misasapoana mitady ny hareny, Ny harena nefa tsy aiza fa ... ao anaty teny". Mampandriniaina Manitra kosa dia mpandrindra Sandratra eo anivon'ny sampana Antananarivo. Riambola Mitia mpampianatra. Samy mpikabary ihany koa izy telo mirahalahy ireo ankoatra ny maha Poeta sy mpilalao teatra azy. Tsy misy vidim-pidirana moa ny hetsika fa maimaimpoana.

**Tiaray R**



**Fanony no lohahevitra entin'izy ireo manamarika ity fiantsana ity.**

Foaraben'ny zavamaniry

# Hotanterahana ny 1 hatramin'ny 4 jona izao

Ho tanterahana ny 1 hatramin'ny 4 jona izao etsy amin'ny lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina ny andiany voalohany amin'ny hetsika foaraben'ny zavamaniry. Mihamahazo vahana hatrany ny fanaovana zaridaina izany indrindra fa ho antsika mipetraka eto Antananrivo ka izay indrindra no hanaovana hetsika tahaka izao hoy ny mpikarakara. Tsy voatery hoe ireo efa matihanina amin'izany akory no mila ny hetsika tahaka izao fa na dia ireo olontsotra izay tia mikarakara ny zaridainany aza dia mila izany. Hisy ny torohevitra maromaro mantsy omena ireo mpitsidika, hisy koa ny famarotana ireo vokatra ilaina amin'ny fikolokoloana voninkazo sy ny zaridaina izany mandritra ity hetsika ity ka dia antsoina avokoa ny rehetra ho avy. Ho toeram-pivorian'ny mpisehatra sy ny mpankafy azy araka izany ny tanjona hoy hatrany ny mpikarakara.

**Tanya.R**



Tsenan'ny Boky

# Natao hisarihana ny olona ho tia vaky boky




Hetsika iray karakarain'ny AEDIM na ny Fikambanan' ny mpanoratra sy mpanonta ary mpivarotra boky isantaona ny Tsenan'ny Boky. Miditra amin'ny andiany faha-17 izy amin'izao fotoana izao. Etsy amin'ny zaridainan'Antaninarenina no hanatanterahana izany nanombokla omaly ary tsy hifarana raha tsy ny 21 Avrily izao. Maro ny mpandray anjara mampiranty sy mivaroratra ny bokiny raha tsy hilaza afa tsy TPFLM Trano Printy Loterana, Librairie Antso, Prediff, Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy, Fikambanana Mpiara-mamaky ny Baiboly, Media au Service de l'Evangile, Edition Tendry, Librairie Adventiste, Tsipika, Librairie Ambozontany, Lauréat, CMPL, Bibliothèque Chretienne. Tanjona dia ny ahafahan'ny ray amandreny sy ny tanora ary ny ankizy mahafantatra ireo karazam-boky sy ny mpanoratra azy ary ny tranom-pamokarana mamokatra azy. Misy amin'ny sokajiny maro ny boky ka ankoatra ny maha fialam-boly azy dia natao hanovozana fahalalana ihany koa izy ireny. Misy ny toerana hahafahana mamaky boky etsy Antaninarenina indrindra ho an'ny ankizy. Noho ny fahatsapan'ny AEDIM fa tao anatin'ny taona maromaro izao dia nihena ny fahavitrihan'ny olona tia mamaky boky ka izany indrindra no hanaovana ity Tsenan'ny boky ity. Tongava maro ary ho ento ny ankizy fa ho finaritra ny maso ary ho voky ny saina, ary hanovo fahalalana.

**Tiaray R**



**Nisokatra omaly ary hifarana ny 21 Avrily ny tsenaben'ny boky etsy Antaninarenina.**

Teatra

# "Tsiremby" hatolotry ny fikambanana Ako etsy amin'ny Ivokolo



**Ireo mandrafitra ny fikambanana.**

Hanolotra teatra iray izay mitondra ny lohateny hoe : Tsiremby indray ny fikambanana Ako. Amin'ny sabotsy izao,ao amin'ny Ivokolo Analakely no hanatanterahana izany. Hanomboka amin'ny roa ora sy sasany ny fotoana amin'io. Raha araka ny fanazavana azo tamin-dramatoa Miora Anjaratinaniony izay filohan'ny fikambanana sady ihany koa nanoratra ity tantara ity dia tantara iray maneho ny andavanandrom-piainan'ny olona mihitsy izy io indrindra fa ireo zaza mipetraka amin' ny havana ka iharan'ny tsindry hazolena. I Tsiremby mantsy dia tovolahy sahirana ka nipetraka tamin'ny havany, tsy noetin'ireto farany tamin'izany fifandraisana misy izany akory anefa izy fa dia nanaovan'izy ireo herisetra maro isan-karazany. Niharetany avokoa na ny ompa na ny ozona indrindra fa ny vono. Tantara mampalahelo kanefa miantso ny rehetra mba handray andraikitra ity tantara ity hoy hatrany ny fanazavana. Azo torohana tsara any amin'ny manampahefana mantsy izany herisetra atao amin'ny ankizy izany indrindra moa fa ny fampiasana ankizy tsy ampy taona ka dia izay no tanjona tratrarina hoy izy satria efa miha mahazo vahana indray izany eo amin'ny fiaraha-monina. Tsara moa ny manamarika fa fikambanana iray mpilalao tantara an-tsehatra mihitsy ity fikambanana ity. Efa roa taona izao no nijoroan'izy ireo ary fahafito amin'ity ny tantara an-tsehatra lalaovin'izy ireo. Ilay tantaran'ny "vakivakimpiainana" iny no efa nolalaovin'izy ireo in-telo misesy. Niezaka nikaroka hatrany izy ireo ka dia nanao ity tantara an-tsehatra hafa mihitsy ity indray. Fa ankoatra an'ny filalaovana teatra dia mitaiza ireny zaza kamboty ireny koa ny fikambanana, manana akany mihitsy izy ireo ka ny vola rehetra azo amin'izao hetsika izao dia entina ampandehanana ny raharaha ao amin'ny akany avokoa. Manentana ny rehetra araka izany izy ireo mba ho tonga maro fa sady miala voly no manao asa soa. Azo jifaina ao amin'ny pejy fesiboky Ako Association ny tapakila, mbola misy amidy koa eny an-toerana mandritra ny hetsika.

**Tanya.R**

Minisitry ny Serasera sy Kolontsaina

# Nanentana ny tanora hiditra ao amin'ny ivon-toerampikotrehana Toamasina



Nifarana ny Asabotsy faran'ny herinandro teo ny "Mihamy Mada Fashion 2023" natao tany Toamasina. Samy niaiky izay rehetra nandray anjara fa tafita ny hafatra ary midika izany fa nahomby iny andiany faha-4 iny. Santatry ny fivoahan'ny Mihamy Mada Fashion any amin'ny faritra moa iny natao tany Tomasina iny. Nandritra ny fandraisampitenenana dia nisaotra ny mpisehatra rehetra nandray anjara sy ny mponin'ny Toamasina tamin'ny hetsika ny Minisitra Lalatiana Rakotondrazafy Andriatongarivo. Nandritra izany ihany koa no nanentanany sy namporisihany ny tanoran'ny Toamasina hiditra ao amin'ny Ivontoeran-mpikotrahana (Centre d'Incubation) mikasika ny fandaharan'asa "Tosik'Art". Maro ny tombotsoa azo ao amin'io ivon-toerana io fa ny lehibe indrindra amin'izany dia fahazoana fiofanana, fitarihana ny tanora hiditra eo amin'ny sehatry ny fandraharana ara-kolontsaina sy anatin'ny indostrian'ny famoronana. Tao Toamasina rahateo ihany koa no nisian'ity fandaharan'asa voalohany vao nipariaka nanerana ny faritra hafa. *"Azo atao tsara ny mihary anatin'ny tontolon'ny haihaingo sy ny famoronana. Voaporofo fa seha-pihariana azo trandrahina sy halalinina tsara aty amin'ny Faritra Atsinanana ireo mba ahazoana manome lanja ny talentan'ny tanora ka ahafahany mandray an-tanàna ny hoaviny"* hoy ny Minisitra.

**Nisongadina ny "Master Class"**

Raha tsiahivina dia hetsika maro no nentina nanamarika ny Mihamy Mada Mada Fashion andiany faha-4 tany Toamasina. Ankoatra ny fampiratiana sy ny filatroana dia nisongadina ihany koa ny fizarana traikefa sy fampiofanana (Master class) tao amin'ny Masôva 501 nandritry ny 3 andro. Ny 13 Aprily dia ny styliste matihanina Eric Raisina no niditra mivantana nampitain-davitra avy tany Cambodge, ka nanazava ny traikefany sy ny dingana nizorany nanomboka teto Toamasina sy Antananarivo ka nandalo tany Eorôpa ary hatrany Azia izay firenena iasany efa antaonany maro izao. Ny 14 Aprily kosa dia ny hoe "ahoana ny dingana lalovana vao tonga mpilatro matihanina", izay lohahevitra novoaboasan'i Razanaparany Tahina Harilala sy i Lieutenant Razanaparany Kenny mirahalahy. Izy ireo moa no nampiofana an'ireo mpilatro rehetra nandray anjara tamin'iry MMF501. Fizarana traikefa nataon-dRafidison Michèle mpamorona ny "Coco Masombika" no namaranana izany ny Asabotsy. Ny fizarana nataony dia niompana tamin'ny lohahevitry ny MMF501 "Tsy misaraka amin'ny vita Gasy Antsena isika".

**Tiaray R**



**Azo atao tsara ny mihary anatin'ny tontolon'ny haihaingo sy ny famoronana.**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, kiraro, kilalao, boky. Mendrika. Tél : 034.68.015.70. (G-BA 521/15-12)

* MM. Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debaras sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 519/20-12)

* Lamba, kiraro, fanaka, frigo, TV, machine, vilany sns. M. Sarah. Tél : 033.06.917.40 / 034.03.047.43. (G-BA 527/7-4)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 525/6-6)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 525/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 525/6-6)

### SERVICE

* Manamboatra, manome toro-hevitra : frigo, congélateur etc. Merci. Tél : 034.14.113.95. (G-BA 522/11-11)

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 526/6-5)

Namorona

# 5 mianaka maty nihinana zava-maniry misy poizina

Fianakaviana iray tao Namorona, distrikan'i Manakara no namoy olona dimy vokatry ny fihinanana veoveo na ny ovy ala, ny alahady teo. Zaza no tsy tana voalohany ary taorian' izay ny efatra hafa. Tao Anarimbositra, fokontany Manotro, kaominina Namorona faritra fitovinany ity tranga ity. Fianakaviana iray ihany izy ireo saingy monina amin'ny tokatrano 3 samy hafa. Zaza telo miandahy sy zaza vavy roa hafa ireto namoy aina ireto. Araka ny fanambarana azo tamin'ireo havany akaiky dia tsy tao an-toerana ny ray aman-dreniny fa nandeha niasa an-tsaha, noana ireto farany ka nahandro sambaika veoveo izay hitany tao an-trano tao. Tsy nahay ny fomba fandrahoana izany zava-maniry izany izy ireo ka lasa voapoizina. Marihina fa zaza hatramin'ny 12 taona ny zokiny amin'izy ireo ka hatramin'ny 2 taona ny zandriny amin'izy dimy.

**Manapoizina**

Ny veoveo dia karazana zava-maniry (oviala) saingy tena mahafaty raha tsy manaraka tsara ny fomba fikarakarana azy ary matetika izy io manapoizina. Tsy afa-manoatra anefa ny olona sahirana noho ny tsy fisian' ny sakafo ka tratran'ny tsy fidiny. Tsiahivina fa efa namoizana olona 5 ihany koa ny fihinana ity zava-maniry "Veoveo" ity tao amin'ny tanàna antsoina hoe Mahasoa, fokontany Tanambao, kaominina ambanivohitra Ambalavero distrikan'i Manakara, tamin' ny taon-dasa.

**Ariel D.**

Sakaraha

# Roa lahy maty nodoran'ny fokonolona




Lehilahy roa no maty nodoran' ny fokonolona tany amin'ny fokontany Andasy Tanala any amin'ny distrikan'i Sakaraha ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 2 ora maraina. Araka ny fanazavana azo, nandritra ny fiambenana nataon'ny fokonolona Jado tao amin'ny fokontany Andasy Tanala any amin'io distrika voalaza etsy ambony io tamin'io andro io no nifanehatra tamin'ny enin-dahy nitondra basim-borona roa sy baramina iray ary antsy izy ireo. Nampiahiahy ny fokonolona ireo andian-dehilahy ireo ka nosamborin'izy ireo avy hatrany. Tetsy ankilany kosa, lasa nitsoaka ny efatra tamin-dry zalahy ka tafaporitsaka fa ny roa no tratran'izy ireo ary dia niharan'ny fitsaram-bahoaka. Fantatra mantsy fa tamin'io zoma io ihany tokony ho tamin'ny 1 ora sy sasany tolakandro dia tsy nisalasala ireo olona nandoro ireo lehilahy roa voasambotra ireo izay maty vokatr'izany.

*Nampiahiahy ny fokonolona ireo andian-dehilahy ireo ka nosamborin'izy ireo avy hatrany.*

**Fivoriana**

Araka ny fanampim-panazavana hatrany dia lehilahy iray 29 taona ny iray tamin'ireo maty ary tsy mbola fantatra kosa ny mombamomba ilay faharoa. Fantatra hatrany fa samy avy amin'ny foko Antandroy ireo olona roa nodorana ireo ary avy avy amin'ny foko Antesaka kosa ireo olona nandoro azy. Fa omaly dia nisy ny fivoriana nataon'ireo vatan-dehilahy sy ray aman-dreny 120 isa mitondra basy sy lefona ary famaky avy amin'ny foko Antandroy tany amin'ny toerana antsoina hoe Ampandriangaga any amin'ny fokontany Sakaraha/Bas, ao anatin'ny distrikan'i Sakaraha, nandinika ny fepetra horaisin'izy ireo manoloana ity raharaha ity.

**T.H**

Ampangabe

# Ramatoa nahatrarana vola sandoka 2 800 000 Ar

Vola sandoka avokoa no nentin'ity ramatoa ity nividianana entana tamin'ireo tantsaha mpamboly teny amin'ny kaominina Ampangabe. Mpivarotra maro no efa nanaparitahany ireo vola sandoka ireo. Nisy tamin'ireo mpivarotra anefa no nahatsikaritra fa vola sandoka no nampiasain'ilay ramatoa. Nampandrenesina haingana ny mpitandro filaminana ka tonga teny an-toerana hisambotra ity farany. Rehefa natao ny vela-pandrika dia voasambotra ilay ramatoa ary nandritra ny fisavàna natao azy dia mbola nahatrarana vola sandoka mitentina Valo hetsy sy Roa tapitrisa Ariary tany aminy. Notanan'ny zandary natao famotorana avy hatrany izy ary nogiazana avokoa ireo vola sandoka tratra ireo. Tsy mbola fantatra moa hatreto ny nahazoany ireo vola sandoka ireo. Efa mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana ireo mpiray tsikombakomba aminy.

**R.C**



Ilay ramatoa voasambotra!

Ankorondrano-Andohatapenaka

# Rongony 95 fonosana sarona, olona 2 voasambotra



Ireo olona voasambotra niaraka tamin'ireo fonosana rongony tratra.

Rongony 95 fonosana saron'ny polisy misahana ny ady amin'ny zava- mahadomelina Anosy tamin'ny lehilahy iray 32 taona sy vehivavy iray 41 taona teny Ankorondrano sy Andohatapenaka ny sabotsy lasa teo. Maro ny hetsika nataon'ny polisy avy amin'ity sampandraharaha iray ity hiadiana amin'ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina. Nanao fidinana ifotony izy ireo tamin'io fotoana io ka rehefa natao ny velam-pandrika dia ramatoa iray no voasambotra tao antranony teny Ankorondrano atsinanana IVO tamin'io andro io tokony ho tamin'ny 5 ora maraina. Rongony 61 fonosana no tra-tehaka tao aminy. Nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy taorian'izay ary nilaza fa rongony manodidina ny 20 fonosana no lafony iray andro. Fa toy izany ihany koa no nisamborana ity lehilahy iray. Rehefa nataon'ny polisy ny vela-pandrika tamin'ny fidinana ifotony dia tratra tao antranony teny Andohatapenaka Andranoambo ilay rangahy tamin'io sabotsy io ihany. Rongony 34 fonosana milanja 2,6 kilao indray no tratra tao aminy. Araka ny fantatra dia efa malaza amin'ity asa fivarotana rongony ity izy. Nandritra ny famotorana natao taminy ihany koa no nilazany fa eny Anosivavaka izy no maka ireo rongony amidiny. Varotany 500 ariary ka hatramin'ny 2000 ariary ny fonosana iray amin'ireo zava-mahadomelina amidiny. Efa nanomboka ny taona 2019 ralehilahy no nanao izao asa ratsy izao ary efa ary efa nigadra vokatr'izany kanefa dia izao mbola tratra izao indray. Fantatra fa efa matetika voasambotry ny polisy ireto olona ireto. Omaly no natolotra ny fampanoavana ny raharaha.

**T.H**

Antanety Miarinarivo

# Dahalo ampolony nanafika sy nandoro tanàna

Nitrangan'ny fanafihan-dahalo mahery vaika tao amin'ny tanànan'i Mandrosoarivo Fenoarivokely , fokontany Antanety kaominina Miarinarivo ny zoma 14 aprily lasa teo. Dahalo amam-polony nitondra fitaovam- piadiana toy ny basy no nanao ny fanafihana. Avy hatrany dia nanapoaka basy ireo dahalo ka tsy nisy sahy nivoaka ny olona. Lasan'ireo dahalo avokoa ny omby rehetra tao antanàna.Tsy vitan'ny naka ny omby rehetra tao an-tanàna izy ireo fa sady nandoro tanàna ihany koa.Araka izany dia trano maromaro no may kila forehitra.Rehefa izay dia lasa nitsoaka nandositra avy hatrany izy ireo niaraka tamin'ny omby. Tsy nisy kosa ny naratra sy ny aina nafoy. Tsy nanao ny fanarahan-dia ny fokonolona fa namono ny afo. Mbola tsy hita ny omby hatramin'izao. Manjaka ny tsy fandriampahalemana any amin'iny faritraMiarinarivo iny sy ny manodidina iny ary tato ato dia sady mandoro tanàna ireo dahalo ka dia manaitra ny tompon'andraikitra hijery ifotony ny zava-mitranga any an-toerana.

**Rablaise**

Manal azy de mimeme



Antanimenakely- Ampitatafika

# Lehilahy voatsindrona antsy teny ambony môtô, maty tsy trà-drano

*Ilay lehilahy voatsindrin'ny môtô nentiny sady nihosin-drà no hitan'ny olona.*

Teny amin'ny làlana mampitohy an'Antanimenakely sy Itaosy teo akaikin'Avarabohitra no nahafaty ity mpitondra môtô ity ny Alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 6 ora sy sasany hariva. Ny fatin'ilay lehilahy voatsindrin'ny môtô nentiny sady nihosin-drà no hitan'ny olona. Nampandre haingana ny mpitandro filaminana ny olona nahita izany. Nandeha nidina nijery ifotony ny zava-nitranga ny zandary. Mbola hita teo amin'ilay toerana voalaza tokoa ilay lehilahy nitsirara teo amin'ny sisin'arabe voatsindrin'ny môtô ary feno rà ny teo amin'ny manodidina azy. Rehefa nojerena dia efa tsy niaina intsony. Tamin'ny fizahana natao ihany no nahitàna fa voatsindrona antsy teo amin'ny tendany havanana izy. Araka izany dia voalaza fa maty nisy namono ity lehilahy ity, izay tokony ho efapolo taona eo. Tsy lozam-pifamoivoizana araka izany no nahafaty azy fa io tsindron'antsy io. Mbola hita teny aminy anefa ny findainy sy ny aroloha nanaovany niaraka tamin'ny môtô. Araka izany dia toa tsy nisy zavatra lasa teny aminy satria afaka naka tsara ireo zavatra voatanisa ireo ny mpangalatra.

**Tsy nisy nahita**

Mangina ary efa somary maizina no nitrangan'izany ka tsy nisy nahita na nahatsikaritra ny nahavoa ity lehilahy ity ny olona teo amin'ny manodidina. Tamin'ny fanadihadiana nataon'ny mpitandro filaminana no nilazan'ny olona teny antoerana fa nahare feo-na "klaxon" mafy sady lavareny izy talohan'io fotoana nahitana ny fatin'ilay rangahy io. Tsy mbola fantatra araka izany na asan-jiolahy na vonoan'olona tsotra izao no nanjo ity lehilahy ity. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana. Tena mirongatra mihitsy ny tsy fandriampahalemana amin'izao na andro na alina ka mila mailo sy mitandrina hatrany ny tsirairay. Manaitra ny fitondràm-panjakana ihany koa mba hijery akaiky ny tranga toy izao fa lasa mihorohoro sy mitaintaindava ny vahoaka noho ny afitsok'ireo jiolahy, izay efa saika mitam-piadiana avokoa. Toy izany koa ny asandahalo any Ambanivohitra, izay efa mampitaraina ny tantsaha mihitsy.

R.C

Minisitry ny fiarovam-pirenena

# Nandray ny Masoivohon'ny Repoblika Islamikan'i Iran

Noraisin'ny jeneraly Rakotoarijaona Josoa Minisitry ny fiarovam-pirenena teny amin'ny biraony tetsy Ampahibe, Andriamatoa Hassan All Bakhshi ny masoivoho Repoblika Islamikan'i Iran izay miasa eto Madagasikara,omaly. Votoatin'ny fihaonan'ny roa tonta ny eo amin'ny lafin'ny fampandrosoana sy ny fiaraha-miasa amin'ny sehatra marolafy, raha tsy hilaza ihany isika afa-tsy ny aratafika. Tsiahivina mantsy fa matanjaka tokoa ny Repoblika Islamikan'i Iran ny amin'izany ary nanambara ity masoivoho ity fa hikatsaka izay fomba entina hanomezana fiofanana ireo miaramila malagasy izy ireo. Tonga mba niarahaba an'Andriamatoa Minisitra ihay koa izy tamin'ny nanendrana azy amin'izao toerana izao ary nanaovana tombana ny fiaraha-miasa efa nisy nandritra ny taona maro sy ireo fifanarahana mbola azo hatao. Nandritra ny fandraisam-pitenena nataon'Andriamatoa Minisitry ny Fiarovam-pirenena ihany koa no nisaorany an' ity Masoivohon'ny firenena Iraniana ity ny amin'ny tsy nisalasalany nanao fitsidihana sy fiarahabana ny amin'izao andraikitra vaovao nanendrena azy ho



**Ny Minisitry ny fiarovam-pirenena sy Andriamatoa Hassan All Bakhshi ny masoivoho Repoblika Islamikan'i Iran .**

Minisitra izao. *"Mbola vitsy ny fiarahamiasa misy eo amin'ny firenena roa tonta ka nisy ny fandinihana io lafiny io mba ahafahana manitatra izany, ary ohatra singanina amin'izany ny sehatrin'ny fambolena sy ny fiompiana"* : hoy ny jeneraly Rakotoarijaona Josoa Minisitry ny fiarovam-pirenena.

**Diplomasia**

Marihina fa i madagasikara sy Repoblika Islamikan'i Iran dia mpinamana raha ara-tantara ary isan'ny mpiray vodirindrina ao amin'ny faritry ny ranomasimbe Indiana ihany koa. Arak'izany dia noresahan'ireto farany ny tokony hijerena sy ny hanamafisana ny fiarovana ny faridranomasina iraisana sy ny fanaraha-maso izany mba hisian'ny fandriampahalemana andranomasina. Samy mpikambana ao anatin'ny fikambanana rejionaly aty amin'ny fari-dranomasin'ny ranomasimbe Indiana ihany koa ny firenena roa tonta izay ahitana ny *"Commission de l'Océan Indien"* sy ny *"Indian Ocean Rim Association"* na IORA.

Ariel D.

Sambava

# Tovolahy nihosin-drà nitsirara teo amoron'arabe

Mpitondra bajaj no taitra raha nahita ity tovolahy iray nihosin-drà nitsirara teo amoron'arabe omaly antoandro tao Sambava. Nentiny avy hatrany namonjy hopitaly ilay tovolahy saingy tsy tana intsony ny ainy. Tsy nisy taratasy nahafantarana ity tovolahy ity mihitsy tany aminy rehefa nosavaina ka tsy fantatra ny momba azy. Sary tapaka iray no hita teny aminy saingy efa feno rà ihany koa ka tsy hay na sariny na sarin'olon-kafa. Mbola ao amin'ny tranom-paty ao amin'ny hopitaly Besopaka moa ny razana miandry ny havany haka azy. Tsy fantatra ny tena antony nahafaty ity tovolahy ity na matin'ny lozam-pifamoivoizana na sanatria nisy namono. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao fotoana izao ka mandeha ny fanadihadiana. Mbola tena tanora tokoa izy satria manodidina ny roapolo taona mahery eo.

R.C

Maintirano

# Dahalo mpivarotra voamaso voasambotra



**Ireo voamaso tratra tany amin'ny dahalo.**

Niainga tamin'ny alalan'ny someso hafatra tamin'ny finday no nahafahana nisambotra ireo mpivarotra voamaso. Lehilahy iray no nitady mpividy izany taova izany. Rehefa nahalala io tranga io ny olona iray tsara sitrapo dia nampandre ny zandary ka teo no natao ny paikady nentina nisamborana ireo olon-dratsy. Ny sabotsy teo ity tranga ity tokony tamin ny 11 ora maraina tao Tanambao Spm kaominina sy distrikan'i Maintirano. Rehefa natao ny velapandrika dia olona telo no voasambotra ampitson'io andro io. Tratra niaraka tamin'ny voamaso anankiroa. Raha ny fanazavana dia tovolahy manodidina ny 22 taona izy ireto ary mipetraka ao Ambonara kaomina Betanatanana distrika Maintirano ao ihany ary ny anankiray monina ao Tanambao Spm. Natazomina vonjimaika hanaovana fanadihadiana izy ireo ary natao andrimaso ao amin ny zandary ao Melaky. Tsy maintsy nohamarinin'ny mpitsabo ihany koa ny maha voamason'olona an'ireo hita tany amin'ireto olon-dratsy ireto. Mitohy ny fanadihadihana sy ny fikarohana ireo mety ho mpiray tsikombakomba amin'ireto farany.

**Tsy fandriampahalemana**

Trangam-piarahamonina tao amin'ny faritra Melaky izay hatrany dia lehilahy iray no nisy namono, tao Atsinanan'ny tanàna Soatana distrikan'i Maintirano, afakomaly tokony taminy 6 ora hariva. Lehilahy avy namonjy tsena tao Soatana sy ny namany iray no mamomamo ka hody any Ankijabe fokontany Ankilijoria kaominina Trangahy. Nifanena tamina roa lahy avy any an-tsaha handeha hody ihany ko aizy ireo. Raha ny fantatra dia nofirain'ireto roa lahy mamomamo ireto tamin'ny fibara ireo roa lahy avy any an-tsaha. Maty tsy tra-drano tamin'izany ny anankiray voakatry ka nahitana diana fibara teo amin'ny feny havia sy ny lohany. Ilay namany kosa naratra. Nitsoaka nandositra ireo nahavanon-doza taorian'izay saingy rehefa nenjehin'ny fokonolona dia tra-tehaka ny andron'io ihany. Mbola nikasa hamaly hamira antsy mpitandro ny filaminana ihany izy ka voatery niaro tena ny ankilany. Noho izany dia maty vokatry ny ratra nahazo azy ity olon-dratsy ity.

Ariel D.

Fenoarivo

# Ankizilahikely 11 taona maty main'ny herinaratra

Tao amin'ny toeram-pialamboly iray teny Fenoarivo no nitrangan'ity loza nahafatesana olona ity. Ankizilahikely tokony ho iraika ambin'ny folo taona eo no maty main'ny herinaratra ny Alahady tolakandro teo. Araka ny fanazavàna azo, niaraka tamin'ny Ray aman-dreniny niala voly tao amin'io toerana io ity ankizilahikely ity. Rehefa avy nilomano anefa izy dia lasa nandehandeha ary tonga tamin'ny faritra misy tariby mitondra herinaratra mamatsy ny toerana. Tsy hay na voahitsany na voakasiny ilay tariby fa main'ny herinaratra tao izy. Ny antso vonjiny no nanaitra ny olona ka nirohotra nijery ny zava-niseho ny rehetra. Ilay zaza efa nitsirara tamin'ny tany no hita. Novonjena nentina haingana tany amin'ny hopitaly izy saingy tsy tonga tany akory dia tapitra ny ainy. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana ka nidina teny an-toerana. Efa mandeha ny fanadihadiana amin'izao. Efa natolotra ny fianankaviany ny razana.

R.C

Basket - "Mondial U19"

# Mizotra tsara ny fanomanantena ataon'ny Ankoay any Frantsa

Tamin'ny taona 1970 (28/03 – 04/04/ 1970) no naha tompondakan'i Afrika, andiany faha-3 natao tany Lomé (Togo), ny ekipam-pirenena vehivavy Malagasy, rehefa nandresy an'i Egypta tamin'ny isa 44 no ho 36, teo amin'ny lalao famaranana ry Arlette sy ry Bao. Nisolotena an'i Afrika niatrika ny tompondaka eran-tany 1971 (15–29/05/1971), natao tany Sao Paulo (Brezila). Nitana ny laharana faha-13 i Madagasikara. Ny Firaisana Sovietika no nandrombaka ny amboara faha-6 sy ny medaly volamena, nanoloana an'i Tsekoslovakia, raha i Brezila kosa no nihambozona ny medaly alimo. 52 taona aty aorian'izany fampiakarana avo ny voninahi-pirenentsika izany indray vao hiaka-tsehatra eo amin'ny "Mondial U19" ny Ankoay zazalahy. Fifaninanana ho tanterahina any Debrecen (Hongria) amin'ny 24 jona 2023 ka hatramin'ny 02 jolay 2023. Ho fanomanana an'ity tompondaka eran-tany ity, dia efa niondrana any Frantsa (Elan Chalon – Rennes) ny Ankoay, nanao fampivondronana voalohany, nanomboka tamin'ny 10 aprily 2023 ka hatramin' ny 23 aprily 2023, izay eo ambany fanazaran'i Randria Aimé "Mémé" sy Razazarohavana Malalatiana. Tsy vita mora ny fanomanana sy ny fandehanana tany an-toerana,



raha tsy misy ny malalatanana sy ny mpiray firenena, niara-niasa akaiky tamin'ny Federasionina Malagasy ny Basket-Ball (FMBB). Mizotra tsara tsy misy tomika ny fanomanantena ataon'ireo mpilalaontsika, izay efa nisedra lalao fitsapana. Mbola hitohy ny lalao fisedrana, mialoha ny hitodiany aty an-tanindrazana. Mbola hisy ny fampivondronana fanindroany, mialoha ny hiatrehana ny "Mondial U19" any Hongria.

**Nitoto nahafotsy sy nahandro nahamasaka**

Anisan'ny federasionina manana tetikady matotra amin'ny fametrahana ny solontenany any ivelany ny FMBB, izay azo lazaina fa angady nananana sy vy nahitana ny fivahinianan'ny Ankoay any Frantsa. Atoa Amad Tombovelo Achiraf, Filohan'ny Ligin'i DIANA, no voafidy ho mpikambana ao anatin'ny FMBB, misahana ny fifandraisana iraisampirenena. Tsy vaovao amin'ity taranja ity izy fa efa mpikatroka, ary nisahana ny asan'ny mpanazatra. Tsy nihanona tamin'izany fotsiny ny lehilahy fa nanangana ny klioban'ny "Jouer – Arbitrer – Participer - MADAgascar (JAP MADA)", izay heveriny fa hitondra ny anjara birikiny amin'ny fampiroboroboana ny basket-ball Malagasy. Etsy andanin'izany dia tsy ataony ambanin-javatra koa ny sehatra ara-tsosialy, hanampiana ny mpiray tanindrazana. Manoloana an'izany andraikitra sahaniny izany dia nisy fanontaniana napetraka taminy, ka tsy nisalasala izy ary tsy nisorona namaly an'izany :

***Gazetiko*** : *1°/ Inona no nanosika anao miara-miasa amin'ny federasionina ?*

***A.T.A :*** Nilain'ny FMBB aho ho mpikambana ao anatiny, isahana ny andraikitra aty ivelany. Marihiko fa voafidy ara-dalàna ny tenako fa tsy notendrena.

***Gazetiko*** : *2°/ Ianao ve no nahitàna ny mpilalao «Expats» ?*

***A.T.A*** : Niara-nijery an'ireo mpilalao aty ivelany (Expats) ireo izahay. Nisy ny mpilalao hitako taty, ary nisy nolazaindrizareo tamiko dia nojereko ny momba azy.

***Gazetiko*** : *3°/ Ahoana ny fahitanao ny Ankoay, hiatrika ny Mondial any Debrecen (Hongrie) ?*

Tena vonona, ary mazoto tsara ireo zaza ireo. Ny hitako aloha dia mbola mila asa mafy tsy maintsy atao aminy. Tsy ampy mpilalao lava mahay basket-ball isika gasy. Isika any Madagasikara mihevitra sy mahita fa mahay, mafy be, ry zalahy kanefa misy lenta mbola mila fanamboarana. Mila fanampiana aratekinika sy fanatsarana koa ny mpanazatra, toy ny lentan'ny mpilalao ihany.

***Gazetiko*** : 4°/ Inona no antony nanangananao ny klioba JAP MADA ?

Efa mikoriana ao anatin'ny rà-ko ny fitiavana ny basketball. Ambaran'ny mpanao gazety aty andafy hoe "Amad, le basket dans le sang !". Maro ny làlana efa nolalovako tamin'ity taranja ity. Marihiko fotsiny fa izahay no mpilalao tao amin'ny




**Andrin'ny FMBB any ivelany !**

ekipan'ny COSMOS Secren, tompondakan'i Madagasikara voalohany. Taty Frantsa indray aho dia efa mpilalao matihanina, nanazatra ekipa matihaina, mpitsatra lalao. Taty aoriana dia tapa-kevitra ny nanangana ny JAP MADA.

**aris rafaly**

Tsara ho fantatra

# Ireo mpikambana ao amin'ny FMBB, nampiakatra avo ny lazan' i Madagasikara

Soa fianatra ! Tsy tongatonga ho azy amin'izao sehatra ambony amin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany izao ny basket-ball Malagasy, raha tsy teo ireo mpikambana ao anatin'ny komity mpanatanteraky ny FMBB, notarihan'ny filohany, nitady lalan-kizorana tamin' ny fampiroboroboana an'ity taranja ity. Lohalaharana tamin'izany ny tsy fanaovana ambanin-javatra ny fifaninanam-pirenena, niainga tany amin'ny sokajy zandriny indrindra ka hatrany amin'ny olon-dehibe « Vétéran - Super Vétéran » nataon'ny mpilalao fitaratra ny fahaizamanaony. Ankoatra an'izany dia tsy ataon'ny FMBB ambanin-javatra ihany koa ny fanofanana isan-karazany any amin'ny ambaratonga fototra dia ny Section – Ligy - Mpanazatra, Mpitsara, Mpitantana ...., kitro ifaharan' ny fampivoarana sy fampiroboroboana ny taranja basket-ball, izay efa mielipatrana amin'ny ligim-paritra maro eto amin'ny firenena. Tiana ampahafantarina etoana kosa ny momba an'ireo mpikambana ao anatin'ny federasionina, izay nametraka tantara eto amin' ny firenena sy hatrany ivelany amin'izao fiatrehana ny Mondial U19 izao.

Filoha : Jean Michel Ramaroson ; Filoha Lefitra : Maître Alain Ramanarivo ; Sekretera Jeneraly : Tsiry Colombe Ralalaharison ; Mpitahiry Vola : Emmanuel Ravoson ; Manager General : Jeneraly Ruphin Zafisambo ; Mpanolotsaina sy Tomponandraikitry ny Vaomiera isan-tokony : Jimmy Randriamandimby - Mihary Randriana – Onja Soloharinivo – Tsimbina Andrianaivo – Amad Tombovelo Achiraf – Kaomisera Rufin Kebiria – Pascal Rasaony – Domoina Rakotomanga – Kolonely Justin Rabearivelo – Dokotera Georges Randriamihaja – Maître Andy Ramamonjisoa ; Tale Tekinika Nasionaly : Angelot Razafiarivony ; Tale Tekinika Nasionaly Lefitra : Rajonson Francky Arnaud.

**aris rafaly**



Judo - Afrika sy Lalaon'ny Nosy

# Hivoaka tsy ho ela ny anaran'ireo handrafitra ny ekipam-pirenena

*Mbola sahiran-tsaina amin'ny toerana hametrahana ireo fitaovana hositrahan'ilay Dojo Nasionaly ny Federasiona.*



**Miandrandra an'i Laura isika, izay nandavo ity mpifanandrina taminy ity ny faran'ny herinandro teo.**

Nikatona ny faran'ny herinandro teo tetsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano, ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ho an'ny sokajy rehetra, taranja Judo. Afa-po tamin'ny haavo teknika nasehon'ireo judokas ny filohan'ny federasiona, Bruno Eric Saïd. Tsy ho ela dia hivoaka ny anaran' ireo ankizy handrafitra ny ekipam-pirenena, hoy izy fa andraikitry ny eo anivon'ny Tale teknika Nasionaly. Fifaninanana Iraisam-pirenena roa no miandry ny federasiona, eo ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika ho an'ny sokajy Cadet sy Juniors, tanterahana eto Madagasikara, amin'ny 27 hatramin'ny 29 Jolay. Manana judokas tsara isika, hoy ingahy filoha, an'isan' izany ry Laura sy Lova, izay manana ny toerany aty Afrika. Mety olana kely fotsiny, hoy hatrany ity filoha ity, ny fahataperan'ny taom-pilalaovana, ka ao ireo juniors hiakatra seniors sy ny cadet hiakatra juniors ary ny minime hiakatra cadet. Malalaka amin'ny fandraisana fanapahankevitra anefa ny eo anivon'ny tale teknika Nasionaly, na hijanona amin'izao na mbola hampanao ady fitsapana. Mahakasika ny Lalaon'ny Nosy indray, mety tsy hisy fiovana be intsony ny judokas handrafitra ny ekipampirenena, hoy ingahy Saïd Eric Bruno satria betsaka ny fifaninanana nahafahana nitily azy ireny.

**Dojo Nasionaly**

Mahakasika ity federasiona ity hatrany, taorian'ny nahavitan'ny fifanarahana fifanaovan-tsonia teo amin'ny FMJ sy ny firenena Japoney, nilaza ny filohan'ny federasiona fa efa tonga ao anatin' ny kaontin'izy ireo ilay vola fahampiana hividianana fampitaovana toy ny tatamis sy fanabokonana hozatra matihanina, atao anatin'ilay Dojo Nasionaly. Afaka telo volana dia tonga ireo fitaovana ireo, hoy Saïd Eric Bruno saingy ny olana dia tsy mbola fananana ilay toerana "dojo". Miantso ny tompondraikitra voakasika izany izy, izay nambarany fa efa miezaka mijery toeran-kafa ihany.

**Rabenaivo**

Lalaon'ny Nosy (Volley) - Hobisoa Nandrianina

# Azo alaina ny medaly volamena saingy mila manomana

**Raha tsy misy ny mety ho fiovana, hiverina anio indray ny fampivondronana ho an'ny ekipampirenena ho an'ny taranja Volley-ball. Ny federasiona aloha hatreto no mikarakara izany, Anisan'izany i Hobiniaina Nandrianina, izay nanaiky nitafatafa taminay teto amin'ny Gazetiko.**

**Gazetiko** : Tafiditra anatin' ny mpilalao hifantenana handrafitra ny ekipam-pirenena hiatrika ny Lalaon'ny Nosy ianao. Ny hevitrao

**Hobisoa Nandrianina** : Fahavonona hampihatra ny fanomanana izay natao. Ny tanjona dia hanandratra avo ny voninahitr'i Madagasikara.

**Gazetiko** : Tompondaka lefitra hatrany i Madagasikara nandritra ireo JIOI andiany maromaro tany aloha. Ny fahitanao izany

**H.N** : Ny fahitako azy manokana hatramin'izay aloha dia tsy ampy loatra ny fanomanana raha ho an'i Madagasikara. Ny firenena rahavavy maka fotoana lava na taona lavalava mihitsy hafahany manomana. Ny antsika matetika antomotra foana vao misy raha hisy ny fampivondronana.



**Manana ny fahaiza-manao eo amin'ity taranja ity i Hobisoa Nandrianina, miaraka amin'ny filohan'ny GNVB.**

**Gazetiko** : Votsotra hatrany ny medaly volamena tany La Réunion, Seychelles ary Maorisy. Madagasikara kosa no hampiantrano amin'ity. Mety ho lasantsika amin'izay ve ny medaly volamena.

**H.N** : Azo tanterahina tsara ny fakana ny medaly volamena amin'ity satria isika no mampiantrano. Ny mpilalao koa efa ahitana ireo mpandimby vao niakatra , afaka mifanampy tsara amin'ireo efa niatrika lalao iraisampirenena hatramin'izay.

**Gazetiko** : Iza no Nosy rahavavy hitanao ho tena mpifanandrina mafy

**H.N** : La Reunion no hitako mafy aloha raha ny CCC Zone7 teo no hitarafana azy.

**Gazetiko** : Inona no mety olana sedrainareo amin'izao.

**H.N** : Raha ny olana iraisana hatreto aloha dia mbola ny ankizy tsirairay izay voafantina no manao ezaka amin'ny fanenjehana ny fanazarantena rehetra sy ny fianarana ary ny asa. Mbola tsy misy ny fampivondronana avy amin'ny Minisitera mpiahy.

**Gazetiko** : Inona no antso ataonao ho an'izay voakasika rehetra

**H.N** : Antso avo foana moa no atao ho fampandrosona ny fanatanjahantena malagasy, ny mba hanohanan'ny tomponandraikitra vokasika rehetra ny Atleta malagasy farak'izay tratra. Na arapitaovana na ara-moraly, mba hafahany handeha lavitra indrindra. Ny fitilina akaiky sy fikoloana ireo taniketsa manan-talenta rehetra, mba hahafahana manana solofo mpandimby tsy tapaka amin'ny taranja rehetra.

**Rabenaivo**

Lomano - Lalaon'ny Nosy

# Amin'ny jona no hifantenana ireo mpila ravinahitra

Amin'ny volana jona izao no hanaovana ny fifantenana farany ireo atleta mpila ravinahitra, handrafitra ny ekipampirenena, hiatrika ny Lalaon' ny Nosy 2023, taranja Lomano. Io no vaovao voaray teny anivon'ny federasiona malagasy ny faran'ny herinandro teo. Nohamafisin'ny Tale Teknika Nasionaly, Naivo Razafindrafidy fa betsaka izy ireo no namaly ny antson'ny federasiona saingy miankina amin'ny mety ho fahatongavany izany. Mahamaika ny eto antoerana, olana kely hoy ity DTN ity ny mpilomano avy eto Analamanga, izay efa tsy afaka milomano satria mangatsiaka ny andro. Manodidina ity federasiona ity hatrany, tontosa ny faran' ny herinandro teo tany amin' ny dobo filomanosana CJS Toamasina, ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ho an'ny dobo filomanosana 50 metatra. Tsara ny vokatra, afa-po ny federasiona. Nisy ny zava-bita tsara indrindra montsana, teo amin'ny 50pap. VitandRabejaona Holy Antsa tao anatin'ny 29.25 ny fifaninanana raha 29.34 no fepotoana tsara indrindra teto Madagasikara teo aloha. Ankoatra izay, betsaka ireo fanatsarana fe-potoana nitranga tany Toamasina, toy ny azon'Andrianaho Marie Ange 400NL sokajy Benjamine. Vitany tao anatin' ny 5.09.19 izany raha 5.09.51 no nahavitandRabarijaona Murielle izany tamin'ny taona 2011. Teo amin'ny 200m dos sokajy junior koa, dia Nohatsarain'i Tendrinavalona Idealy ( 2.32.47 ) raha 2.32.54 no nahavitan-dRazafy Elodie tany aloha. NohatsaraindRakotobe Tendry SJA ihany koa ny fifaninanana 50 dos, sokajy poussin, izay vitany tao anatin'ny 29.61 raha 30.25 no nahavitan'i Lalanomena tany aloha. Mbola ho an'izay sokajy izay hatrany fa ho an'ny fifaninanana 200Q4, nahavita nanatsara fe-potoana i Koty (3.00.52) raha 3.01. 21 izany teo aloha. Tsiahivina, mpilomano miisa 370 avy amin'ny ligim-paritra 7 no nandray anjara tamin'ity fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ity.



**Isan'ny nanamontsana zava-bita tsara indrindra teto Madagasikira i Holy Antsa tany Toamasina.**

**Rabenaivo**

JIRAMA

JIro sy RAno MAlagasy

**FAMPAHAFANTARANA**

Indro ampahafantarina ny mpanjifa ireo "codes d'Agences" vaovao sy ny masoivoho mifanaraka amin'izany.

Tsy miova ny "référence client" sy ny "tournée" fa ireo tarehimarika telo voalohany (codes d'Agences) no miova mifanaraka amin'ny masoivoho misy anao (Jereo amin'ny ankavian'ny takelaka)

- Tarehimarika miloko manga= tournée teo aloha
- Tarehimarika vonimboasary = tournée vaovao

Marihina ihany koa fa ho hita ao amin'ny faktiora volana Aprily ny "code d'Agence" vaovao mifanaraka amin'ny masoivoho misy anao.

**COMMUNIQUE**

Voici les nouveaux codes et les Agences correspondantes, à l'intention de nos clients.

La référence client et la tournée restent inchangées mais les trois premiers chiffres (code d'Agence) changent selon votre Agence d'affiliation (voir à gauche de l'affiche).

- Nombres en bleu : Ancienne tournée
- Nombres en Orange : Nouvelle tournée

Notez également que le nouveau code d'Agence, correspondant à votre Agence d'affiliation sera inséré dans votre facture de ce mois d'avril.

G-CL 484/7-3

Vaomiera mpanara-maso ny fiainana politika

# "Tokony ailika tsy ho kandida ireo mpifaninana tsy manana mpitam-bola"

*Manainga ny mpanao politika haneho fahavononana hametraka ny mangarahara amin'ny vola ampiasiainy mandritra ny fifidianana ny CCFVP.*



Isan'ny mbola mampiahiahy ny maro amin'izao enim-bolana mialoha ny hanatanterahana ny fifidianana izay ho filoham-pirenena izao ny mikasika ny famatsiam-bola ny fampielezan-kevitra. Tsy vitsy ireo milaza ao anatin' izany fa antoka hisian'ny fifidianana madio sy afahana misoroka krizy vaovao eto ny fampisehoana ny mangarahara momba io famatsiam-bolan'ny kandida io. Teren' ny lalàna raha teo ny fanendrena mpitam-bola miandraikitra ny fandrafetana ny fandaniana sy ny fiavian'ny vola ampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra sy fiaianana ara-politikan'ny kandida ireay mandritra ny fifidianana. Omaly, nitondra ny heviny mikasika izany ny Filohan'ny Vaomiera mpanara-maso ny famatsiam-bola ny fiainana ara-politika na CCFVP, Rado Milijaona. Nambarany tamin'izany fa tokony handraisana fepetra ireo kandida tsy vonona ampiseho ny mpangarahara mikasika ny vola ampiasainy mandridra ny fampielezan-kevitra. Notsipihany ihany koa fa tokony ahilika tsy ho isan'ny kandida ireo mpifaninana tsy manana mpitam-bola amin'io fifidianana filoham-pirenena io. « *Mila samy maneho fahavononana hametraka ny mangarahara amin'ny vola ampiasiainy mandritra ny fifidianana izay mieritreritra ny ho kandida filoham-pirenena. Mila ampahafantarina mazava ny momba ny niavian'ny vola sy ny ampiasaina azy ka ny mpitam-bolan'ny antoko no miandraikitra izany. Soso-kevitra no arosonay ao anatin'izany hoe tokony tsy azo raisina ny antontan-taratasin'ny kandida rehefa tsy manana io mpitam-bola io ny tenany*», hoy Ing. Rado Milijaona tamin'izany.

**Famotsiambola**

Nambarany ihany koa fa enim-bolana mialoha ny fifidianana no tokony manomboka mitazona ny vola ampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra izay ho kandida rehetra. Koa na dia mbola tsy misokatra aza ny fametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana ankehitriny dia efa mila miomana amin'izany ny rehetra. Mifanindran-dalana amin' izany, ireto manaraka ireto no heverin'ny firaisamonim-pirenena sy mpanao politika ho antony tokony hamerana ny vola ampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra : mba hisian'ny fitoviana eo amin' ny samy kandidà ; mba ialàna amin'ny fampiasana vola tsy fantam-piavina ; mba tsy ho voahodikodina ny safidin'ny olompirenena ; mba hisorohana ny famotsiambola ; mba hisian'ny demokrasia ; mba tsy ho voagejan' ny tombontsoan'olom-bitsy i Madagasikara.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Mampaneno lakolosy !

**Enim-bolana eo ho eo mialoha ny daty hanatanterahana ny latsa-bato, hisafidianana indray izay hitantana ny firenena, amin'ny dimy taona manaraka naroson'ny CENI, mbola tsy nanamafy izany amin'ny fomba ôfisialy ny filan-kevitry ny minisitra. Tsy vitsy ny mpanao pôlitika no miahiahy sy mahatsikaritra fa toa tsy vonona hanao fifidianana ny mpitondra. Antony mahatonga ny antoko Tiako I Madagasikara sy Malagasy Miara-Miainga ohatra izay tsy mitsahatry ny manao antsoavo ny tokony hanaovana fifidianana fa tsy sanatria halaim-panahy hametraka tetezamita, ahafahana mbola mandrirotra fahefana. Mifanindran-dalana amin'izany, tsy mitsahatry ny mampaneno lakolosy ny mpanao pôlitika ny tokony hanaraha-maso ny fandrafetana ny lisi-pifidianana izay ambaran'izy ireo fa mampiahiahy ny mety hisian'ny hosoka. Ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana ohatra tsy nihambahamba nanonona ny anaran'ny tale jeneraly iray ao amin'ny minisiteran'ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana izay ambarany fa nomena iraka manokana hanofana filoham-pokontany hangala-bato. Tsy izy irery ihany fa maro ny mpanao pôlitika sy ny fiaraha-monim-pirenena, eny fa na ny olom-pirenena tsotra aza no efa mampaneno lakolosy ny tokony hampangaraharaha, tsy ny lisi-pifidianana ihany fa ny rindrambaiko hampiasaina hikirakirana ny lisitra mba ho eken'ny rehetra ny voka-pifidianana vonjimaika. Ary indrindra hisorohana ny krizy pôlitika matetika miverimberina eto amintsika, aorian'ny fifidianana. Heverina fa rariny sy hitsiny raha mampaneno lakolosy ny sokajin'olona samihafa satria samy resy lahatra ny tsirairay fa tsy hahatanty krizy intsony ny toe-karentsika efa latsaka anaty lavaky ny fahantrana !**

Voahangy Rakotozafy

Governoran'ny Faritra Amoron'i Mania

# Vonona hitondra fihavanana sy ny firaisankina



**Olona mahay mifandray amin'ny olona Rtoa Governoran'ny faritra Amorn'i Mania.**

Anisan'ny angady nanana sy vy nahitana ka nampahomby ny fidinana ifotony nataon'ny Filohan'ny Repoblika farany teo tany Ambositra ny Governoran'ny Faritra Amoron'i Mania Rtoa Fomendraza Haingo Nambinina. Olona vonona hitondra fihavanana sy firaisankina ny tenany ary misokatra amin'ny fiarahamiasa eo amin'ireo izay tsara sitrapo ka manam-paniriana hampandroso ny faritra Amoron'i Mania. Tsy mitsahatra manao antso momba izany izy, indrindra ireo zanaka am-pielezana rehefa misy fandraisam-pitenana ataony. « *Tsy manankatombaravarana amin'ireo rehetra izay vonona hiara-miasa sy hifanome tanana amin'ny fanatsarana ity faritra ity ny tenako* », hoy ny fanazavany. Nanamafy io fisokafany io ny tarigetra izay napetrany dia hoe : «Ndao hiarahiasa ho fampandrosoana ny faritra Amoron'i Mania mba ho an'ny taranaka fara mandimby ». Ankehitriny dia efa manomboka misy vokany ny antso nataony raha ireny zava-nisy tamin' ny fandalovan'ny Filohampirenena tany Ambositra ny sabotsy lasa teo ireny. Manaporofo izany fahatongavan'ireo vahoaka marobe nanotrona ny lanonana tamin' ny fitokanana ireo fotodrafitrasa tany an-toerana. Nandritra ny kabary izay nataony moa no nisaorany ny Filohan'ny Repoblika tamin'ny fanendrena azy ho eo amin'ny toeran'ny Governora. Nampiseho fahavononana ny tenany hanohy ny asa fampandrosoana, ka isan'ny tena ataony laharam-pahamehana amin'izany ny resaka sosialim-bahoaka sy ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana. Nanome toky fa ihany koa Rtoa Fomendraza Haingo Nambinina fa hamaly fitia amin'izao taom-pifidianana izao. Isan'ny andraikitra sy iraka lehibe nankinina taminy rahateo ny fampandaniana ny Filoha amin'ny fifidianana ho avy.

**JUDD**

Fivorian'ny Hiaraka Isika-Toliara

# Tsy rototra amin'ny pôlitika ny ankamaroan'ny olom-pirenena

Antomotra ny fifidianana, tsy mahagaga raha sesilany ny fanambarana fanohanana avy amin'ny antoko sy fikambanana samihafa. Mikasika ny Hiaraka Isika manokana dia nahazoam-baovao fa nanatanteraka fivoriana mandritra ny telo andro, nanomboka omaly, tany Toliara. Fivoriana nandinihana ny raharaha anatin'ny antoko sy niantsoana ny zanak'iny faritra iny, nampahafantatrana fa manohana ny kandidam-panjakana ny Hiaraka Isika amin'ny fifidianana. Ny zava-nisy, araka ny loharanom-baovao avy any antoerana dia tsy nahasarika ny olom-pirenena no nihaino ny fanambarana pôlitika nataon'ny mpitarika io antoko io. Ankoatra izay, araka ny loharanom-baovao etsy ambony ihany dia tsy tazana nanatrika fivoriana ny ankamaroan'ireo mpikambana ao amin'io antoko io monina ao an-drenivohitr'i Toliara. Voalaza fa maro kosa ireo mpikambana avy amin'ny kaominina ny distrika manodidina an'i Toliara. Ny fanontaniana mipetraka manoloana izany dia ny hoe: Tsy rototra amin'ny resaka pôlitika intsony ve ny ankamaroan'ny olom-pirenena any an-toerana?

**V.R.**



Siteny Randrianasoloniaiko

# "Tsy miaraka amin'ny fanjakana intsony ny depiote manaraka azy"



Taorian'ny "Mihava Tour" tany Sambava dia nihaino ny maharary ny vahoakan'Antalaha indray ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko sy ireo solombavambahoaka miaradia aminy. *"Mpanao politika izahay, izaho Siteny Randrianasoloniaiko dia IRD nanohana izao fitondrana izao. Misy milaza fa namadika palitao izahay. Mametrapanontaniana izaho ny amin'ny hoe: Iza no namadika izahay sa ilay niteny hoe ampitomboana avo telo heny ny vidin'ny lavanila ve? Ataonay ahoana no tsy hijoro fa mbola hanohanana ny fitondrana, nefa ianareo havanay maharary? Fahadisoanay ve ny mijoro raha mahatsapa fa tsy rariny intsony izao zavatra miseho amin'izao fitondrana tarihin'i Andry Rajoelina izao"*, hoy ny solombavambahoaka teo anatrehan'ny vahoakan'Antalaha vory marobe. Manoloana ny fanontaniana milaza fa ianareo ve sao dia lokom-boasary ihany dia nanamarika ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko fa *"ireo solombavambahoaka mijoro miaraka aminy dia tsy manohana fanjakana intsony"*. Mampametra-panontaniana ihany ko ny tenako, hoy izy nahoana no tononina hatrany anaran'i Mamy Ravatomanga, lazaina fa manohana ny tenako. *« Ambarako eto fa tsy misy na ariary aza nalaiko tamin'i Mamy Ravatomanga ary tsy nangataka izany ny tenako »*, hoy ihany io olom-boafidy io.

**Ny fitiavan-tena no lehibe indrindra !**

Raha ny zava-misy ankehitriny, mahakasika ny fitantanana ny firenena dia ny fitiavan-tena no lehibe indrindra, hoy ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko fa tsy arakaraky ny ambara matetika hoe ny fitiavana no lehibe indrindra. Antony, raha nitory fitiavana ka nangataka vaton'ny vahoakan'i Sava ny kandidà, tamin'ny fotoan'androny dia nahazo 86%. Ny valiny nomena anefa dia novonoina ny seha-pihariana lavanila, hoy ihany ny mpitarika ny "Mihava Tour".

*Nihaino ny maharary ny vahoakan'Antalaha indray ny solombavambahoaka, tamin'ny alahady lasa teo.*

Tsy vitan'izany fa tsy omena fahazoan-dalana ny zanak'i Sava ary tsy nampaninona ny mpitondra ny fahafatesan'ny vahoakan'i Sava, nandritra ny 4 taona. Mbola mahakasika resaka lavanila ihany, nanamarika ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko fa raha tonga tany Sambava ny filoha dia nihevitra ny rehetra fa voavaha ny maharary an i SAVA. Akory ny fahagaganay fa tsy ny olan'ny lavanila no nitadiavam-bahaolana fa novahana fa "tee shirt" sy "bajaj" no nozaraina. Izaho tsy malahelo ny bajaj, zarako aza mahazo daholo fa tsy izany no olan'i Sava, hoy ihany io olom-boafidy io. Na iza na iza dokotera mahay nefa tsy mihaino ny maharary dia sarotra ny hitsaboana ny aretina, hoy ihany i Siteny Randrianasoloniaiko. Alohan'ny hitondrana vahaolana, mila fantarina ny olana sy ny laharampahamehana, hoy ihany io olom-boafidy io. Ny vahaolana naroson'ny mpitondra ho an'ny Sava nefa dia fananganana kômisiôna aty an-drenivohitra. Na zaza 15 taona mahafantatra fa tsy misy afa-tsy ny fanalalahana ny sehatry ny lavanila sy ny fanafoanana ny 250 dolara vidiny faran'ny ambany no vahaolana. Ankoatra izay, avelao ny tantsaha mpamboly no hametra ny daty hiotazana ary foano ny CNV. Maninona no mieritreritra ny vahoaka Malagasy ho olona azo fitapitahana ny mpitondra?

« Ampy kosa izay e!", hoy hatrany ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko.

V.R.

Fetin'ny Eid al-Fitr

# Andro tsy fiasana nefa andraisan-karama ny zoma 21 Aprily

Miainga amin'ny fampahafantarana laharana 054 –MTEFPLS/SG/DGTLS/2023 navoakan'ny teo anivon' ny Ministeran'ny Asa, ny Fampananan'Asa, ny Asampanjakana ary ny Lalàna Sosialy omaly 17 aprily 2023 dia natao andro tsy fiasana nefa andraisankarama manerana ny tanin' ny Repoblikan'i Madagasikara ny andron'ny zoma 21 Aprily izao. Fanapahankevitra noraisina taorian'ny taratasy laharana faha-36/FSM/BN/PR/2022 izay nataon'ny Filohan'ny Fikambanana "Fikambanana Silamo Malagasy" izay mamaritra sy manamafy fa ny datin'ny 21 Aprily 2023 dia noraiketina ho andron'ny Eid Al-Fitr. Raha tsiahivina, araka ny andininy faha-2 ny Didim-panjakana laharana faha 2023-007 ny 02 febroary 2023 mamaritra ny lisitry ny andro tsy hiasana nefa andraisan-karama ho amin'ny taona 2023 dia "ambara fa tsy hiasana nefa andraisan-karama ireo andro voatondro ho Eid Al-Fitr sy Eid Al Adha, araka ny tetiandro nofaritan'ny Fikambananamben'ny Silamo". Marihana fa manamarika ny fifaranan'ny volana masina Ramadany ho an'ny mpino Silamo ny Eid Al-Fitr.

**Nangonin'i Mamy R.**

Antoko Malagasy Miara-Miainga

# Miantso ny fanjakana foibe hijery ny olana eny Ifotony

Nitohy tany Maintirano renivohitry ny faritr'i Melaky ny famelabelaran-kevitry ny antoko Malagasy Miara-Miainga (MMM). Nandritra izany no niantson'ny filoha nasionalin'ny antoko Atoa Andrianainarivelo Hajo ny fitondrana foibe hijery ny olana eny ifotony. « *Tsy mahita ny olana eny ifotony ny fanjakana foibe. Ilaina ny mifampihaino sy manadihady, mba hisorohana tahaka ny mahazo ny sehatry ny lavanila*", hoy izy. Nambarany fa olana eto amintsika ny fiheveran-tena ho mahavita irery ny firenena ka anisan'izany ny fanjakana foibe. Nibahan-toerana tamin'ity famelabelarana narahina adihevitra ity ny resaka fitsinjaram-pahefana ka maro ireo liana. Namafisiny hatrany fa ho sarotra ny hampandroso ny firenena raha mbola tsy hampiarina eto amintsika ny fitsinjarampahefana. Tetsy andanin'izany, dia nampitandrina ireo olom-boatendry manao fanaparam-pahefana sy nanao ramatahora amin' ireo mpikambana MMM, izay nikarakara izao fihaonana izao koa ny tenany. "*Avelao haneho hevitra malalaka ny vahoaka fa tsy anareo rery akory i Madagasikara. Tsy azo ekena ny tsindry sy ny fanamparampahefana ary koa ny fandikan-dalàna*", hoy ihany Atoa Hajo Andrianainarivelo. Notsindriny fa natao itondrana firenena sy itsinjovana ny besinimaro ny politika fa tsy natao ho an'ny ady seza. Namafisiny fa mila mihaino sy mahalala ny politika itondrana ny firenena ny vahoaka. Nararaotin'ny Filohan'ny MMM tamin'ny fidinana ifotony tany Maintirano ny nihaino ny olana sy ny hetahetan' ireo vahoaka.




**Nampitandrina ireo olom-boatendry manao fanaparam-pahefana ny Filohan'ny Antoko MMM tao Maintirano.**

JUDD

Fitondrana ankehitriny

# Tondroin'ny KMF/CNOE ho manararaotra amin'ny lafiny maro

Raha tsikaritra ho somary nangingina ny mikasika ilay fanambarana nataon'ny Minisitry ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana Tokely Justin tamin'ny 31 Marsa teo, izay mametra ny hetsika politika na famoriam-bahoaka atao anaty toerana mifefy, ataon'ny hery hafa ankoatran'ny mpitondra fanjakana dia manomboka roitina indray izany amin'izao fotoana. Omaly, namoaka fanambarana nitakiany ny fampiharana mitovy na fanafoanana iny fanambarana iny ka hiverenana amin'ny fampiharana ny lalampanorenana sy ny lalàna mikasika ny famoriambahoaka ny KMF/CNOE. Ambonin' izany, tsy nivilivily ity Fiarahamonim-pirenena ity raha nilaza fa manararaotra amin'ny lafiny maro ny Fitondrana ankehitriny, indrindra manoloana ny lanonam-panjakana etsy sy eroa. "*Voalohany, mifangaro ny lanonam-panjakana sy ny hetsika politika ary raha zohina ny zava-misy, dia efa fampielezan-kevitra mialoha ny fotoana no misy amin' izao. Faharoa, mampametram-panontaniana ny fandaniana mihoa-papana amin'ireny lanonam-panjakana ireny, raha mihoatra amin'ny fahantrana lalina mianjady amin'ny vahoaka ankehitriny* », hoy ny Birao Nasionaly tao anatin'izany. Nofaranany tamin'ny hoe tsy mitondra any amin'ny fitoniana izao endrika fanararaotana izao ary voahitsakitsaka tanteraka ny demokrasia.

Mamy R.

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatratraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo " petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*Izay tonga aloha tompon-tanindrazana.*

*Fenoy amin'ny sora-baventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N Tél. :

## Sarisary zary tenany

**Singam-bolo**




## Hatsikana an-tsary

**Mihintsana**




## Masoandro Miposaka

**Isaia 60 : 2**

2 Fa, indro, ny aizina manarona ny tany, ary ny aizim-pito manarona ny firenena; fa aminao kosa no iposahan'i Jehovah, ary aminao no isehoan'ny voninahiny.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Izay iray trano, iray dini-dinika.**

Ceux qui ont la même demeure ont les mêmes affaires.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2929

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | | | 7 | | | | | |
| | 5 | 6 | 3 | | | | | 7 |
| 8 | | 7 | | 1 | | 4 | | |
| 5 | | | | | 3 | 8 | | |
| 4 | | | | | | 7 | 5 | |
| | 8 | | | | | | | |
| 1 | | | | 4 | | | | |
| 6 | | 2 | | | 5 | | | |
| | | | 8 | | 2 | | 4 | |

Valin'ny laharana 2928

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 4 | 8 | 9 | 5 | 6 | 7 | 1 | 2 |
| 9 | 2 | 6 | 1 | 7 | 4 | 5 | 3 | 8 |
| 7 | 1 | 5 | 3 | 2 | 8 | 9 | 6 | 4 |
| 8 | 6 | 3 | 7 | 9 | 1 | 4 | 2 | 5 |
| 5 | 7 | 1 | 6 | 4 | 2 | 3 | 8 | 9 |
| 2 | 9 | 4 | 5 | 8 | 3 | 1 | 7 | 6 |
| 6 | 5 | 7 | 8 | 1 | 9 | 2 | 4 | 3 |
| 4 | 3 | 9 | 2 | 6 | 7 | 8 | 5 | 1 |
| 1 | 8 | 2 | 4 | 3 | 5 | 6 | 9 | 7 |

Tetikasa " EDUCMAD "

# Manolo-tanana ny vondrona Filatex



**Nandritra ny lanonam-panombohana ny tetikasa EDUCMAD tany Toamasina.**

Notokanana sy natomboka tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny 14 avrily lasa teo tany Toamasina, ilay tetikasa « EDUCMAD ». Olo-manakaja sy tomponandraikitra maro no nanome voninahitra izany tany an-toerana. Tsiahivina, tetikasa firaisankina iraisam-pirenena ho an'ny fampianarana eto Madagasikara izy ity, indrindra ho fanatsarana ny fampianarana siantifika, teknika ary ny informatika eto Madagasikara . Manohana ity tetikasa ity ny Enelec, izay misehatra anatin'ny famokarana herinaratra, ao anatin'ny vondrona Filatex. Mazava ho azy, hanomezana fahafahana ireo tanora, hivoatra sy hanatsara ny fahaiza-manaony ary hamporisika azy ireny hirona kokoa amin'ny fidirana amin'ny asa informatika, fikarohana, teknisiana na injeniera, izay amin'izao fotoana izao dia tena betsaka ny fitadiavana azy ireny. Marihana, miankina amin'ny fandaharam-pianarana ofisialy eto amintsika izany tetikasa izany, izay eny anivon'ny lisea ka tafiditra anatin'izany ny taranja SVT, Matematika, Physique chimie. Efa hita ao anatin'ny solosaina ny andininditiny, hahafahan'ireo mpianatry ny Lisea manaraka sy mivoatra anatin'ilay tetikasa. Ho fanohanana hatrany izany EDUCMAD izany, niaraka amin'ny ACCESMAD sy AFD ny ENELEC, izay namatsy vola, hahafahan'ireo mpianatry ny Lisea 4000 isa mandritra ny taona, izay ny Lisea Jacqueq Rabemananjara Toamasina aloha no nanombohana ity tetikasa ity.

**Rabenaivo**







## Gazetiko

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél.:** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
**D.L.I.:** 16 040 - 04 - 23
**Isan'ny natonta :** 25 000


## Nahandro

### Atin-kena sy holatra

Zavatra ilaina : Atin-kena omby, holatra, tongolo be, tongolo maitso, tongolo gasy.

Fomba fikarakarana azy : Endasina mitokana ny atin-kena. Andrahoina ho masaka ihany koa ny holatra. Araraka ao anatin'ny hena aloha ny saosy voalaza etsy ambony. Izay vao araraka ao ny holatra. Rehefa mifangaro tsara, dia azo esorina eo ambony afo. Aroso miaraka amin'ny vary sy lasary legioma.

## MANAMPY ANAO

### PERMANENCES 15 au 21 avril 2023

**PHARMACIE DE GARDE**
**Périphérie d'ANTANANARIVO**
**24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**OSTIE**
AMBOHIMANARINA TEL 23 253 78
TANJOMBATO TEL 22 464 87/22 477 61

**AMBULANCE**
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 /033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
-AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMA-NANDRAIBE
- IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA
- OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- LINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47

## TELEVIZIONA

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
07.30 : Dessins animés
09.15 : Documentaire
11.00 : Fandaharana manokana ®
12.00 : Météo
12.05 : A votre santé
12.30 : NEWS du 12h30
12.45 : VAOVAO 13h00
13.00 : A votre santé
14.00 : Film Jeunesse
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.45 : Full SPORT
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel ®
17.55 : Full Music
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les Infos de Ma-TV
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Fandaharana manokana
21.00 : Film Action
23.30 : Journal international
00.15 : Film Romantique
02.30 : Magazine
05.00 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV ®
05.30 : Ny feon'ny pentekosta ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

04.00 : JINGLE
04.05 : Don-dresaka ®
05.30 : NY VAOVAO ®
06.30 : BUONGIORNO
08.00 : Petites Annonces
08.05 : MADA PRO
08.20 : MPRO
08.35 : ALLCOM
08.50 : BM PROD
09.15 : SERIE
10.45 : MIANDRY VAZO
12.00 : EDITION SPECIALE
12.10 : FRANCE 24
12.20 : ABC DE LA CULTURE
12.25 : Petites Annonces
12.30 : MPRO
12.45 : MADA PRO
13.00 : CINEMAPLUS
15.00 : EDITION SPECIALE
15.15 : BUONGIORNO ®
15.55 : Série
16.21 : Série Manga
16.43 : Série Manga
17.05 : ABC de la culture
17.10 : MIRITSOKA
18.00 : TITRE
18.05 : Fan 2 M'Auto
18.25 : Petites Annonces
18.30 : LE JOURNAL
18.45 : SERIE
19.10 : SOMMAIRE BUONGIORNO
19.30 : VAOVAO
21.30 : CINEMAPLUS
23.00 : VAOVAO ®
23.45 : CINEMAPLUS
01.15 : LE JOURNAL
01.30 : DOC
02.10 : SERIE ®
03.10 : France 24

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.50 : Instafun
13.15 : K-Sport ®
14.10 : Ankitsimpo
15.10 : Mozika
16.40 : Smiling Time
17.00 : Flash Info
17.20 : Instafun
18.00 : After
19.25 : Le Journal
19.55 : Micro Trottoir
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Cinéma
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

05.30 : Réveil de la foi
06.00 : RECORD MARAINA
06.30 : LA MATINALE
08.00 : LA REINA DEL FLOW ®
08.30 : FLEUR SAUVAGE ®
09.25 : DIVERTISSEMENT
10.30 : Inona ny vaovao ?
12.30 : DOUBLE KARA ®
13.45 : Hirantsika
14.30 : FLEUR SAUVAGE
15.30 : MAGAZINE
17.00 : Destination malagasy
19.00 : J.RECORD
19.45 : DOUBLE KARA
20.30 : LA REINA DEL FLOW
21.00 : PABLO ESCOBAR ®
21.45 : CLIP
22.30 : PAROLE DE VIE
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

00.01 : Film
02.09 : Film
04.52 : Clips : Misy Raha ®
04.59 : Journal : Viva Évènement VM ®
05.40 : Culte : Tsara Taiza
05.45 : Clips : Christian Music
05.47 : Viva Prod : Quotidienne Viva Futbol U18
06.00 : Magazine de services : Viva MORNING SHOW
07.30 : Série téléréalité : Série LUTHER
08.22 : Série Action : Série Scorpion.
09.05 : Film
11.24 : Série k-drama : Série Young Lady and Gentleman ®
12.34 : Viva Prod : Quotidienne Viva Futbol U18 ®
13.00 : Journal : Flash Actu
13.05 : Dessins animés : Oddbods at the Car Wash!
13.30 : Clips : Misy Raha
14.00 : Film
16.00 : Télé Achat : Viva shopping ®
16.13 : Série k-drama : Série Young Lady and Gentleman
17.23 : Série comédie : Série Devious.Maids
18.04 : Football : Viva Futbol
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.43 : Série comédie : Série TEE TITANS ®
19.05 : Loterie : BET 261
19.30 : Journal : Viva Évènement VM
20.16 : Viva Prod : Quotidienne Viva Futbol U18
20.30 : Journal : Viva Évènement VF
20.50 : MIS'IN ®
20.55 : Viva Prod : NY ZOKO
21.47 : Série drame : Série Scandal
22.32 : Film
00.21 : Journal : Viva Évènement VM ®
01.01 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

********* *********

## TELEFAONINA ILAINA

- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE OXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY - TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUMTEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

CENTRE DE CONSULTATION AROVY ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
-3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

**HUISSIERS**
- MAITRE RAKOTONOMBANA BAHOLY LOT III E 39 AMPATSAKANA - TEL 034 18 690 20
- MAITRE RANDRIAMBOLOLONA DELACY LOT30 A IMERINAFOVOANY TEL 032 41 860 50/ 34 468 05

Lapam-panjakana Iavoloha

# Nidinika tamin'ireo tanora mpandraharaha ny Filoha

*Nifampizara traikefa niaraka tamin'ireo tanora mpandraharaha manodidina ny 40.*



**Nihaino ny feon'ireo tanora mpandraharaha ny Filoham-pirenena.**

Nihaino ny feon'ireo tanora mpandraharaha ny fitondram-panjakana. Notanterahina omaly tao amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha ny dinika an-databatra boribory niarahan'ny Filoham-pirenena malagasy tamin'ireo tanora mpandraharaha vao misandratra sy ireo tanora manana tetikasa. *« Lalana efa nolalovako no iainan'ireto tanora ireto ankehitriny. Mbola hanohana bebe kokoa azy ireo ny tenako mba hahatongavan' izy ireo ho fitaratra eo anivon' ny ankohonany sy ny fiarahamonina ary ny firenena. Noho izany indrindra no nametrahana ny fandaharanasa Fihariana mba hanampiana ireo tanora mpandraharaha. Anisan'ny olana matetika mitrandranga sedrain'ireo tanora manana tetikasa ny tsy fisian'ny lalam-bola sy ny fanambaniana ny tetikasany ary ny tsy fihainona sy ny tsy fahitan'ny fanjakana azy ireo. Manampy trotraka ny lafiny ara-taratasy sy ny fampitaovana. Mitentina 40 tapitrisa Euro ny tetibola napetraka ao anatin' ny Fihariana. Efa maro ireo tetikasa nahazo famatsiambola, saingy mbola misy ny tokony hatao. »*, hoy ny Filoha Andry Rajoelina. Amin'ny maha mpandraharaha ny Filoham-pirenena dia nifampizara vina sy traikefa tamin' ireo tanora mpandraharaha manodidina ny 40 tonga nanatrika ny tenany. Anisan' ny toetra mila ananan'ireo tanora mpandraharaha nifampizaran'ny Filoham-pirenena ny faharetana sy ny finoana ary ny fitiavana. Nanomboka tamin'ny faha-22 taonany no niditra teo amin' ny sehatry ny fandraharahana ny Filoham-pirenena ary efa nofidian'ny banky BNI sy ny « Echo Austral » ho tanora mpandraharaha mendrika indrindra.

**Afa-po**

Samy nilaza ho afa-po tamin' ny dinika nifanaovana tamin' ny filoham-pirenena ireo tanora nandray anjara. Nizara roa ny dinika, izay natao ny tapak'andro maraina ny voalohany ary notohizana ny tapak'andro hariva ny faharoa. *« Ny fihaonana androany dia nahafahana namelabelatra ny fahasarotana sedrain'ny tanora mpandraharaha. Tafiditra ao anatin'izany ny lafiny famatsiam-bola, ny fifaninana, ary ny fanafarana entana. Lafo kokoa ny vidin' ny vokatra eto an-toerana noho ny hafarana avy any Ivelany, ka lasa manimba ny fahafahan'ny orinasa malagasy mifaninana. Ny vahaolana narosoko dia ny hamerana ny fanafarana entana sy ny hitadiavana mpampiasa vola vonona hanodina ireo akora fototra ho azon'ny mpandraharaha eto an-toerana ampiasaina amin'ny famokarany. »*, hoy i Dinarison, mpitantana orinasa mpamokatra loko. Notanterahina tamin'io fotoana io koa ny fanolorana ny fankasitrahana ho an'ireo tanora nanana tetikasa mendrika indrindra tamin'ny fifaninana "3, 2, 1 Pitch", izay notanterahina teny amin'ny CCI Ivato tamin'ny volana oktobra 2022. Tetikasa sivy no voafantina tamin'ity fifaninana ity, koa nahazo fampitaovana ny telo voalohany ary nahazo famatsiam-bola mitentina 10 tapitrisa Ariary avy ny enina ambiny. *« Nahafinaritra ny fihaonana, satria afaka nifampizara hevitra nivantana tamin'ny Filoha tsy nisy mpanelanelana. Tena nihaino izy no sady nanolotra vaha olana. Ny famatsiam-bola 10 tapitrisa Ariary azonay dia hoentina mividy fitaovana sy manatsara ny asa.»*, hoy Rakotoarisoa Aina Vololona, mpitantana orinasa mpamokatra ankanjo vita malagasy.

**R. Muray**

Fikambanana "Lucide"

# Sarotra ny fihaonana amin'ny tomponandraikitry ny orinasa QMM

*''Izahay dia manambara etoana fa tsy manohitra ny orinasa QMM. Sarotra ny fifampiresahana sy fihaonana amin'ny tomponandraikitry ny orinasa ary izahay tsy afaka mihaona mivantana amin'ny tomponandraikitra fa tsy maintsy amin'ny alalan' ny solontenam-panjakana no miantso ny lohandohany ao amin'ny orinasa izay vao afaka mifampiresaka. Tamin'ny tolona nataonay farany dia niteny ilay tomponandraikitry ny orinasa tamin'izay fotoana izay hoe : izahay tsy hiresaka aminareo mihitsy satria tsy nanao fifanarahana tamin'ny vahoaka fa tamin'ny fanjakana Malagasy ka aleo ny mpitondra no hifampiresaka aminay. Efa nisy fihaonana tamin'ny Governoran'ny Faritra fa ny zavatra nampanaoviny anay dia nampanao taratasy fifanarahana fa tsy hanao fivorivoriana tamin'ny alatsinain'ny Paka teo saingy izahay tsy nanaiky ka nilazanay hoe hamoaho naoty izahay hanamporofoanay fa tsy azon'ny fikambanana atao ny mivorivory. Ny mambra rehetra no nanao tsipaipaika mba hahafahanay manatanteraka ny hetsiky rehetra ataonay kanefa dia nosakanana ihany koa izany fa tsy afaka maka vola hatao tsipaipaika indray izahay, fa tokony hamoaka naoty ry zareo fa tsy misy vola fandraisana anjara idirana ho mpikambana raha tsy misy an'izany dia mbola ny lalànan' ny 133 dia mitohy izahay''*, hoy ny solontenan'ny fikambanana ''Lucide''.



**Nafana sy naharitra andro maro ny hetsi-panoheran'ny mponina any Fort-Dauphin farany teo mikasika an'i QMM. (Sary : Tahiry)**

**Fampandrosoana**

Etsy ankilany dia nilaza Rtoa Andriamasy Rondro Malala, Ben'ny tanànan'Ampasinampoana fa *''nitondra fampandrosoana ho anay ny tetikasa QMM raha niatehatra tamin'ny fanampiana raha niankina tamin'ny fitondrana faobe ny kaominina nialoha ny taona 2008. Tamin'ny tsy mbola nitradraka ny QMM dia nanao hopitaly sy lakilasy teny aminay ry zareo. Rehefa nitrandraka ry zareo dia ny tamberimbidy no niasanay, misy tombontsoa ny fiarah-miasanay amin'ny QMM satria tany aloha ny tetibolan'ny Kaominina dia ny famatsiam-bola avy amin' ny fanjakana ihany. Ny taona 2009 izahay no nanomboka nandray ny tamberim-bidy ka nanao fotodrafitrasa maro ny Kaominina isan'izany ny lakilasy isaky ny Fokontany, nisy CEG sy Lisea. Tany aloha tsy nanam-bola nahafahana nampiditra nianatra ny zanany eny amin'ny Onicersite ny Ray aman-dReny aty aminay, ny tamberimbidy azon'ny kaominina no nahafahana nandefa ny mpianatra eny amin'ny Anjerimanontolo dia manome vatsimpianarana ho azy ireo. Efa nisy nahavita fianarana ireo mpianatr ireo amin'izao noho ny tamberimbidy izay tantanan'ny Kaominina''*. Fantatra fa isan'ny trandrahan'ny orinasa QMM any amin'ity akominina ny Ilmenite, Monazite, Zircon.

**HAR**

Antoko Hiaraka Isika - 5 taona

# Namboly hazo sy nanadio ny tanànan'i Toliara

Natomboka tamin'ny fambolen-kazo tany Andranovory ny 14 aprily 2023 teo ny fankalazana ny fahadimy taonan'ny antoko Hiaraka Isika ary nitohy tamin'ny fanadiovana ny tanàna izany, teo koa ny fanomezana vary sy hena ho an'ireo olona traboina tamin'ny rivodoza Freddy manerana ny fokotany 41 ao Toliara. Nahazo ny anjarany ihany koa ireo zaza marary tao amin'ny CHU Tanambao. Mbola vonona ny antoko Hiaraka Isika hanohana ny Filoha Andry Rajoelina. Nifanindrandalana tamin'ny fankalazana ny faha-5 taonan' ny antoko ny kongresy nasionaly natao tany Toliara. Mpizaika maherin'ny 950 avy amin'ny faritra 23 no tonga nanatrika izany fivoriambe izany. Fantatra fa mbola nametraka fitokisana tamin'ny Jly Camille Albert Vital ho filohan'ity antoko ity indray handritra ny dimy taona manaraka ireo mpikambana ao amin'ny antoko. Taorian'io kongresy io no nanambaran'ity farany fa *'' mbola vonona ny antokonay ny hanohana tsy misy fepetra ny Filoha Andry Rajoelina raha toa ka mbola hirotsaka aminy fifidianana ny ho filoham-pirenena izy ireo''*.

**Fahavononana**

*Mpikambana tao amin'ny vovonana ARMADA ny Hiaraka isika ka rariny loatra raha mbola mametraka izany fahavononana izany indray amin'ny mandat manaraka eo ''*, hoy hatrany ny Jly Camille Vital. Nambarany koa fa, *''ampy izay ny ady saritaka tsy mitondra fampandrosoana fa avelao ny Filoham-pirenena hanapitra ny fe-potoana hiasany''*. Nampiavaka an'ity fivoriana ity koa ny nanambarana tamin'ny fomba ofisialy ny fitambaran'ny Hiaraka Isika sy ny antoko Virapin Group izay tarihan' ny Virapin Ramamonjisoa amin'izay fifidianana rehetra hatao eto Madagasikara. *''Ny tanjona dia ny hananan' ireo antoko roa ireo kandidà tokana hatramin'ny taona 2028''*, hoy kosa Atoa Virapin Ramamonjisoa izay Minisitry ny fanantanjahantena teo aloha. Nandritra ny valandresaka tamin'ny tamin'ny mpanao gazety dia naneho hevitra mahakasika ny teny feno fihantsiana nataon'ny Solombavambahoaka Jocelyne Maxime izay filoha lefitry ny Antenimierampirenena any amin'ny Faritanin' Antsiranana ny Hiaraka Isika fa tokony hifona ampahibemaso amin'ny vahoaka any atsimo'ny Nosy ity Solombavambahoaka iray ity mba hitandrovana ny Firaisampirenena.



**Heriniaina A.**

Fanadinam-panjakana CEPE

# Nanomboka omaly ny famolavolana ireo laza adina

*Tanterahina ny 20 jona 2023 ny fanadinana CEPE ary ny 3 hatramin'ny 6 jolay 2023 kosa ho an'ny BEPC manerana ny Nosy.*

Nifarana ny 24 martsa lasa teo ny fisoratana anarana hahafahan'ireo mpiadina miatrika ny fanadinam-panjakana CEPE raha nisokatra ny 23 janoary izany. Tamin' ny 31 martsa 2023 kosa ho an'ny BEPC raha nisokatra ny 30 janoary izany. Hatreto, tsy mbola nivoaka ny isan'ny mpiadina hanao fanadinana. Tsy maintsy misy foana mantsy ireo tara vao tonga manatitra dosie ary tsy maintsy ampidirina ao anatin' ny antontanisa foana izy ireo mba hahafahan'ny mpianatra misitraka ny zony. Nambaran'ny Tale Jeneraly eo anivon'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena, Raoliarijaona Andriamiakatsilavo fa : *"eo am-panomanana ny laza adina CEPE ny minisitera ankehitriny ary hiakatra eo anivon'ny foibe izany aorian'izay amin'ny fisafidianana laza adina. Ho an'ny BEPC kosa, mandeha ny famolavolana any amin' ny faritra ary miezaka manaraka lamina sy rindra mifanaraka amin'izay ny rehetra. Aorian'ny fanamboarana laza adina dia miditra amin' ny fisafidianana ka mandany 20 andro eo ny tomponandraikitra mijery amin'ny antsipirihany izany, anisany ny hoe mifanaraka amin'ny programam-pampianarana ve ilay laza adina, mifanaraka ve ny fomba fametrahana fanontaniana ary mifanaraka amin'ny programa vita ve ilay izy. Tsiahivina fa mandeha isamparitra ny fanadinana CEPE ka amin'ny farany vao miditra amin'ny fanontana ny azy ny rehetra."*

**Roa volana fahefatra**

Efa niditra nianatra nanomboka omaly ny ankamaroan' ireo sekoly tsy miankina raha amin'ny alatsinainy kosa ho any sekolim-panjakana. Ny zoma mialoha ny fetin'ny paska mantsy vao nanomboka ny fialan-tsasatra ka izay no nahatonga ny fidirana ho amin'ny roa volana fahefatra ho amin'ny alatsinainy. Manomboka eto ihany koa vao tena mila fifantohana tsara ireo mpianatra satria herin'ny fianarana izao lalovana izao. Ireo mpianatra hiatrika fanadinana ihany koa tokony hisikina hery satria fotoana hamaranana ny programa izao ary miroso ao anatin'ny famerenan-desona sy famerenana laza adina aorian' izay. Tsiahivina fa tanterahina ny 20 jona 2023 ny fanadinana CEPE ary ny 3 hatramin'ny 6 jolay 2023 kosa ho an'ny BEPC manerana ny Nosy.

**Nath**

Horonan-tsarimihetsika afrikanina

# Nitondra ny fanohanany ny Vondrona Sipromad

*Hifarana amin'ny alakamisy 20 aprily any Kanada.*

Mivelatra eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny Vondrona Sipromad. Nirotsaka ho mpanohana ny andiany fah-39-n'ny *"Festival international du cinéma Vues d'Afrique"*, izay tanterahina any Montréal Kanada ny 10 ka hatramin'ny 20 aprily 2023. Anisan'ny nanosika ity fivondronana orinasa malagasy ity hitondra ny fanohanany ny fivohizana ny lohahevitra *"Ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy"* mandritra ny fanatanterahana ny hetsika. Ity vondrona ity rahateo dia efa niroso tamin' ny fanodinana ireo fako taratasy ho lasa vokatra vao vao azo ampiasaina miaraka amin'ny marika "Doucy Eco" novokariny. Mandritra ny andro iraisam-pirenena ho an'ny tany, izay homarihina amin'ny 22 aprily ho avy izao, dia hotohanany avokoa ny fandefasana ireo horonan-tsarimihetsika miresaka momba ny tontolo iainana ao amin'ny efitrano fijerena horonan-tsarimihetsika any Québec. Napetraka eo ambany fitarihan'ny Masoivoho maliana any Kanada sy ny Filohan'ny fitantanana ny vondrona mahaleo tena momba ny tontolo ny sary mihetsika ao Kanada ny lanonam-panokafana ny hetsika. Amin'ny lanonampamaranana no hanaovana ny fanolorana ny loka. Marihina fa ny "Festival Vues d'Afrique" dia niorina tamin' ny taona 1984 ary misehatra eo amin'ny tontolon'ny sary mihetsika, seho sehatra, ary kolontsaina. Nanome sehatra hatrany ireo mpisehatra afrikanina sy kreola teo amin' ny tontolon'ny sarimihetsika nandritra ny 39 taona nisiany.

**R. Muray**

Fanabeazana

# Boky enti-mampianatra 56 hanaovana tombana

Ho fanatsarana ny sehapanabeazana eto amintsika, misy ankehitriny atrikasa maharitra roa andro karakarain' ny minisiteran'ny fanabeazampirenena, AFD, Confemen, Unesco ary ireo Malagasy matihanina amin'ny famolavolana programam-pampianarana. Tanjona amin'izany ny hanatsarana ny votoatin' ny boky hoenti-mampianatra sy ireo ampiasain'ny zaza Malagasy. Mahatratra 56 ireo boky hoenti-mampianatra hampiasaina sy hanaovana tombana. Araka ny fanazavan'i Helikanto Rakotovololona, tale misahana ny famokarana fandaharampibeazana eo anivon'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena, *"boky efa nampiasaina am-polo taona maro no mbola entina mampianatra ankehitriny. Nisy fanadihadiana notanterahina teny amin'ny sekoly miankina na tsia amin'ny fanjakana mialoha izao atrikasa izao ka nahafahana miroso."* Mila fanavaozana ny fandaharampibeazana indrindra ny votoatim-pampianarana mba hifanaraka amin'ny zavamisy iainana. Havaozina avokoa ny raki-tsoratra rehetra mifandraika amin'izay ary nanasana ireo matihanina rehetra sy mpiara-miombona antoka. Ny taranja matematika sy frantsay no voakasik'izany ho an'ny mpianatra eny amin'ny EPP ary ny SVT sy ny fizika ho an'ny mpianatra eny amin'ny CEG. Jerena raha mifanaraka amin'ny fenitra sy filan'ny firenena ny boky fampianarana ampiasaina.



Tena ilaina ny "boky hoenti-mampianatra" hampitana fahalalana na ho an'ny mpampianatra na ho an'ny mpianatra.

**Nilaozan'ny toetrandro**

Nanambara i Jhon Randrianomanana, mpampiofana sady mpampianatra frantsay fa marefo ny fahaizan'ny mpianatra frantsay satria milatsaka be ny fari-pahaizana. Amin'ny maha mpampianatra ny tena, ny faripahaizan'ny mpampianatra mihitsy no ambany. Maripahaizana BEPC no angatahina ho an'ireo hampianatra eny amin'ny EPP. Rehefa tonga eny amin'ny kolejy dia mitombo ny tsy fahaizana kanefa ny mpampianatra tsy maintsy manenjika programa ka vao maika mitombo ny olana. Misy anefa toerana hita fa tena mahay ny mpianatra, na dia mpampianatra iray aza no miandraikitra ny mpianatra rehetra. Tsy ampy betsaka ny boky ampiasaina izao io, anisan'izany ny "methode boscher" izay efa nilaozan'ny toetrandro ny teknika ao anatiny ary tsy mifanaraka amin'ny filan'ny mpianatra Malagasy ny ao anatiny. Rehefa vita ny atrikasa, hisy tombana hivoaka sy "feuille de route" hatao hahafahana miroso amin'ny dingana manaraka.

**Nath**

ENI Fianarantsoa

# Mankalaza ny 40 taona nijoroany




Nampahafantarina ny faran'ny herinandro lasa teo ny fankalazana ny 40 taona nijoroan'ny ENI.

Hatomboka ny 24 sy 25 may 2023 izao ny fankalazana ny 40 taona nijoroan'ny sekoly ambon'ny informatika na ENI izay eo ambany fiahian'ny oniversiten'i Fianarantsoa. Nisokatra tamin'ny fomba ofisialy ny 24 may 1983 ny ENI ary izy no sekoly nijoro voalohany nanofana injeniera taty Afrika. Tany am-piandohana, 25 ny isan'ny mpianatra fa efa mananika ny 2 000 izy ireo ankehitriny. ENI irery no sokolimpanjakana manofana mpianatra hahazo ny diplaoma teknisiana ambony na injeniera mikasika ny informatika eto Madagasikara. Misy ny lalam-piofanana na « mention informatique » izay ahitana ny « Génie logiciel et bases de Données, Administration des Systèmes réseaux, Informatique Générales » sy ny « mention intelligence Artificielle » izay ahitana ny resaka « Gouvernance et ingénierie de données ». Maromaro ny vina napetraky ny tomponandraikitra nanomboka tamin'ny 2022 ka anisan'izany ny fanatsarana ny fotodrafitrasa toy ny fanitarana trano fianarana sy fanefena ny sekoly ary fanorenana fotodrafitrasa vaovao. Misokatra amin'ny fiaraha-miasa ihany koa ny ENI mba hanatsarana ny kalitaom-pampianarana ary ny fanatsarana ny maha olona sy ny mpampianatra. Hatreto mantsy, ny 80 isanjaton'ny mpampianatra ao an-toerana maintimolaly tao ihany. Tsy vitsy ihany koa ireo mpianatra nivoaka tao amin'ny ENI no lasa miasa any am-pitan-dranomasina. Efa mandeha ny fanatsarana ny fanavaozana ny sekoly fa anisan'ny tsangambaton'ity fankalazana ity fanamboarana trano fianarana vaovao ahitana efitra efatra izay samy mahazaka mpianatra 150 avy. Manao antso avo amin'ny rehetra , indrindra ireo maintimolaly sy ny tomponandraikitra isan'ambaratonga ny komity mpikarakara mba hanampy hahafahana manatanteraka ireo vina ireo. Ho tanterahina amin'ny volana jolay ny ivon'ny fankalazana satria betsaka ireo mpianatra nila ravinahitra no maniry hanatrika izany fotoan-jaobily izany ary any amin'ny volana desambra ny famaranana ny fankalazana.

*Vato fototry ny fankalazana ny fanorenana fotodrafitrasa, trano fianarana izay misy efitra efatra samy mahazaka mpianatra 150 avy.*

**Nath**

Fety teny Analakely

# Ankizy 8 tratra nangarom-paosy

Nandritra ny fampisehoana nataon'ny tarika Ambondrona teny Analakely afakomaly dia ankizy valo no tratran'ny polisy nangaro-paosy tamin'io andro io. Ny olona mijery fety ary ireo olon-dratsy kosa tsy kely lalana mitady irika hangaronana paosin'olona. Vory lanona tokoa mantsy ny olona nandritra io fety io ary mba tonga tao anatiny tao ny olon-dratsy. Dia toy izany ihany koa ireo mpitandro filaminana izay nanao ny asany nandritra izany. Efa nametraka paikady izy ireo mba hanaovana vela-pandrika hisamborana ireo olona mandika lalàna toy ny mpanendaka na mpangarom-paosy sns. Nisy araka izany ny polisy nanao fanamiana sivily izay napetraka teny an-toerana mba hanao ny fisamborana. Nivezivezy mijery izay olon-dratsy izy ireo ka nandritra ny lanonana mandram-pahatapitry ny fety no nahatratrarana ireo olona valo izay sarona teo ampangaronana paosin'olona ireo. Fantatra fa ankizy avokoa izy ireo. Tsy nampoizin'izy ireo tokoa mantsy ny fisian'ireo polisy tany anaty vahoaka tany ka noraisim-potsiny teo ampanaovana izany asa ratsy izany ry zalahy.

**T.H**